# *FITAOMANA*

Marina izany. Heveriko fa tokony hitsangana isika rehefa mamaky Ny Teniny. Tsy mihevitra tahaka an'izany ve ianareo? Noho izany dia ndao isika hitsangana vetivety fotsiny, raha mamaky Ny Teniny isika. Mamaky aho, izao hariva izao, ho an'ny leson'ny Soratra iray hita ao amin'ny Bokin'i Isaia, ny toko faha-6. Henoy tsara.

> *Tamin'ny* andro *nahafatesan'*ny *mpanjaka Ozia no nahitako koa ny Tompo nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana, avo*. . .*manerinerina, ary ny ebaneban'akanjony nahafeno ny tempoly.*
>
> *Ary nisy serafima nitsangana teo amboniny: samy nanana elatra enina avy; ny roa nanaronany ny tavany, ny roa nanaronany ny tongony, ary ny roa nanidinany.*
>
> *Ary ny anankiray niantsoantso tamin'*ilay hafa, *ka nanao hoe, Masina, masina, masina, ny* T*OMPO* Andriamanitry *ny maro: henika ny voninahiny ny tany rehetra.*
>
> *Dia nihozongozona ny tolam-baravarana noho ny feon'ilay niantso, ka feno setroka ny trano.*
>
> *Dia hoy izaho hoe, Lozako! fa maty aho; satria lehilahy maloto molotra aho, sady mitoetra eo afovoan'ny olona maloto molotra: fa* ny *masoko efa nahita ny Mpanjaka, ny* T*OMPON'ny maro.*
>
> *Dia nanidina nanatona ahy ny iray tamin'ireo serafima, nitondra vainafo teny an-tànany, izay nalainy tamin'ny tandra avy teo amin'ny alitara:*
>
> *Ary napetrany teo amin'ny vavako izany, ka hoy izy, Indro, ity* dia *nikasika ny molotrao;*. . .*afaka ny helokao, ary voadio ny fahotanao.*
>
> *Ary nandre ny feon'ny Tompo koa aho, nanao hoe, Iza no hirahiko, ary* iza *no handeha ho anay? Dia hoy aho hoe, Inty aho; iraho aho.*

2 Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny.

3 Ray, "loza," mahatsapa tahaka ny tsapan'i Isaia izahay, "Lozanay! Fa ny masonay efa nahita ny Mpanjaka, ny Tompon'ny Voninahitra." Misaotra Anao izahay, Tompo, fa misy dingan'ny fanadiovana iray, izao hariva izao, izay afaka mikasika tsy ny molotray ihany fa ny fonay sy ny fanahinay, ka manadio anay ho afaka amin'ny fahalotoanay rehetra. Satria izany ilay izy, marina tokoa, fa mitoetra eo anivon'ny olona maloto molotra izahay, ary ny molotray, ihany koa, dia maloto. Mivavaka izahay mba ho tonga ilay Fanahy Masina lehibe

ka hikasika ny molotray sy ny fonay amin'ny hosotra, ilay Afon'ny Fanahy Masina avy amin'ny alitaran'Andriamanitra, ary hanadio anay amin'ny tsi-finoanay sy ny fisalasalanay rehetra, mba Ahafahany hiditra sy hanao ny Fitoerany miaraka aminay. Satria, tianay Izy, ary tianay fatratra Izy, ka manompo Azy izahay. Mivavaka izahay, Ray, izao hariva izao, raha misy eto izay tsy mbola nanana an'izany fikasihana manadio an'ilay Fanahy Masina lehibe, ilay Afon'Andriamanitra, mba amin'ity hariva ity no ho voamboatra ao amin'izy ireo izany asa izany nohon'ny Fanjakan'Andriamanitra. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

Afaka mipetraka ianareo.

4 Ankehitriny aho dia . . . hiezaka hivoaka aloha. Tsy tiako ho diso sekoly Alahady ianareo. Ankehitriny, mety tsara raha diso andro fiasana iray ianareo, tsy ho diso zavatra betsaka ianareo; fa nihazona anareo hatramin'ny sivy sy sasany aho, na zavatra, indray hariva. Fa aza diso sekoly Alahady, na inona na inona ataonareo.

Ankehitriny ny lohateniko izao hariva izao dia: *Fitaomana*.

5 Raha te-hamaky an'ity tantara ity isika, dia tokony hamadika ao amin'ny Tantara Faharoa, ny toko faha-26, ary afaka mamaky azy ianareo. Zazalahy mpiandry ondry iray ity Ozia ity. Ary izy, miteny amintsika ny Tantara Faharoa 26, fa izy dia voahosotra ho mpanjaka tamin'ny fahenina ambin'ny folo taonany. Ary ny rain'i Ozia, lehilahy masina iray. Ary ity lehilahy ity dia lehilahy iray tsara fanahy, nanana raiamandreny masina, "Nanao an'izay mahitsy teo imason'ny Tompo izy." Ankehitriny dia hitantsika fa mazàna . . .

6 Izaho—heveriko amin'izao andro izao, ny olantsika lehibe, ny amin'izay inoantsika ho ditran-jatovo, dia raiamandreny maditra, tokantrano maditra. Ny—ny vahoakantsika dia niala lavitra tamin'ireo zavatra izay izy ireo—tokony nijanonan'izy ireo. Lasa matimaty na mangatsiaka ny fiangonana, ary ireo—lasa nankany amin'izao tontolo izao ireo ankizy.

7 Ankehitriny i Hollywood dia mandefa sarimihetsika betsaka sy—sy televiziona, sy ny sisa, izay tsy voasivana akory aza, izay itenenan'izy ireo ratsy sy—sy—sy ampiasany foana ny Anaran'Andriamanitra. Ary—ary taloha dia ratsy ho an'ny ankizy ao amin'ny fiangonan'ny fahamasinana ny mandeha any—any—any amin'ny fandefasana na fampisehoana sarimihetsika, fa ankehitriny dia nitsambikina nankany aloha i Satana, tamin'ny fitondrana an'izany ao an-trano, amin'ny endrika televiziona, ary avy eo dia tsy voasivana, sy—sy ny sisa. Ary izany no fomba fidiran'i Satana tsikelikely.

8 Tahaka an'ilay fanaovana korisa fahiny. Maro aminareo no tsy mahatsiaro an'izany, satria mbola tanora loatra ianareo. Nisy fialam-boly ho an'ny ankizy taloha; mipetraka

eo amin'ilay fanaovanareo korisa ianareo ary mandeha mihodina fotsiny, mihodina. Nisy lavaka iray, hantsana iray, ary nifaninana ny tsirairay avy, iza no afaka manatona akaiky indrindra an'izany. Ary afaka kelikely, alohan'ny nahafantaranareo azy, [Manapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] nianjera ianareo.

9 Tahaka an'izany ny fahotana. Aza amaivanina izany. Aza mijery hoe hatraiza no ahafahanareo manatona azy. Jereo hoe hatraiza no ahafahanareo manalavitra azy. Hitanareo? Aza sahisahy. Raha ho sahisahy ianareo . . . Tsy te-ho sahisahy aho.

10 Nisy Ecossais antitra iray, indray mandeha, hoy izy ireo, nandeha niampita tendrombohitra iray. Ary niandry ireo kalesy, ny lehilahy tsirairay dia te-hitondra azy hiampita. Hoy izy hoe, "Ny mpitondra kalesy tsara indrindra no tiako hitondra ahy."

11 Hoy ny iray tamin'izy ireo hoe, "Eny, afaka mitondra an'ireo soavaliko enina loha amin'ny fihazakazahana mafy aho ao—ao amin'ny folo inches amin'ny sisin'io tendrombohitra io." Raha mianjera, dia fahafatesana izany. Hoy izy, "Mpitondra kalesy tsara aho hitondra an'ireo soavaliko, voaaro, manodidina eo, amin'ny kodiarako folo inches, fa tsy mianjera."

12 Hoy ny iray hafa hoe, "Afaka mandresy an'izany aho. Afaka mitondra amin'ny enina inches aho, na efatra inches, fa tsy mianjera mihitsy."

Hoy izy hoe, "Ahoana ny aminao, tompoko?"

13 Hoy izy, "Eny, tsy fantatro. Tsy tiako ny manao an'izany. Izaho—mifikitra eo amin'ilay sisiny fotsiny aho."

Hoy izy hoe, "Ianao no mitondra ahy." Marina izany. Izany ilay anankiray.

14 Ilay izy tsy hoe hatraiza no ahafahanareo manatona, sy tsara toy ny ahoana no iheveranareo fa voaisy mànda ianareo, mijanòna lavitra ny fahotana arak'izay azonareo ijanonana. Manalavira arak'izay vitanareo mihitsy. Hoy ianareo hoe, "Eny, afaka manao an'*ity* aho. Tsy misy maharatsy ny fanaovana an'*ity*." Eny, raha misy fisalasalana iray ao an-tsainareo, dia aza atao mihitsy ilay izy. Na aiza na aiza misy fisalasalana, dia mijanòna lavitra an'izany. Amin'izay fotoana izay, hitanareo, amin'izay fotoana izay dia miaina tanteraka amin'ny finoana ianareo, raha tsy misy fisalasalana. Raha misy fisalasalana iray, amin'izay fotoana izay dia avelao ilay izy, aza manatona an'izany mihitsy.

15 Ary heveriko fa imbetsaka dia ireo raiamandreny no manalavitra. Fantatro fa indraindray izany dia ireo—ireo sekoly, sy ny sisa. Ary ny sekoly Alahady dia eo amin'ny antsasak'adiny, na adiny iray ny Alahady maraina, ary izao tontolo izao no mahazo an'ireo ankizy mandritra ny herinandro, ary manesika ao anatin'izy ireo mihoatra noho ny mpampianatra. Ary

imbetsaka, imbetsaka loatra, ny mpampianatra dia manome lesona kely isan-telo volana izay ampianariny, raha mandoko ny molony sy manamboatra ny volony izy, mamela an'ireo ankizy hanao ny tsara indrindra izay vitan'izy ireo.

16 Ary avy eo dia tsy mahazo fiofanana Kristiana mihitsy izy ireo any an-trano. Neny dia any amin'ny fetin-karatra any ho any, ary i dada dia any amin'ny filalaovana kanetibe, ary—ary ranabavy dia mivoaka miaraka amin'olona iray manana fiara bôlida. Ary eto ianareo izao, hitanareo. Inona, aiza isika—ho aiza isika? Ianareo fotsiny, ilay izy fotsiny dia . . . Mahatsiravina ilay izy. Ary avy eo dia hitantsika fa miaraka ireo zavatra rehetra ireo. Junior any ivelany, mandeha mandroso-sy-miverina eny an-dàlambe, eo ambonin'ny môtô-ny. Ary, oh, misy ny sasany amin'izy ireo milalao golf, ary ireo hafa milalao billard, ary zavatra iray hafa fotsiny ho an'ny fialamboly izany. Ary avela ny fiangonana.

17 Imbetsaka, avy eo dia mamory ny komity izy ireo eo; raha sendra nikasika tariby kely io pasitera io izay—izay somary mifanohitra kely, na milaza zavatra mikasika an'izany, dia hampiantso azy io komity io, handeha hatrany amin'ireo foibe ny anarany ary ho voaroaka izy. Noho izany, hitanareo, lasa tapakilan-tsakafo iray ilay izy, raha tokony ho mpanompo voahosotra mba hitory ny Filazantsara. Hitanareo? Marina izany. Lasa zavatra iray izay tian'izy ireo hananana ilay izy. Ilay izy dia—tapakilan-tsakafo iray ilay izy. Tsy maintsy mijanona eo izy ireo, mahazo karama tsara. Henoy, rahalahy, Andriamanitra anie hamindra fo amin'ny lehilahy iray izay hivarotra ny fizokiany ho an'izany. Henoy!

18 Mila lehilahy izay mitondra ny Filazantsara isika, amin'ny tànana tsy mifono, fa tsy amin'ny karazana fonon-tànana iray ara-anaram-piangonana. Hametraka azy eo fotsiny araka ny nanoratana azy, ary—ary hamela an'ireo sila-kazo hianjera na aiza na aiza tian'izy ireo ianjerana. "Raha antonona ny kiraro," hoy i mama fahiny, "dia anaovy izy." Hoy izy, "Aza anetezana ny kitronao." Ankehitriny, noho izany dia manana an'ireo zavatra izay tokony hohenointsika isika.

19 Ankehitriny, ity mpanjaka ity, Ozia, dia zaza iray mahafinaritra. Nanana ray masina izy. Avy any Jerosalema ny reniny, ary ray masina iray izay mpanjaka teo alohany, ary izany karazana fampianarana izany no nilentika tao amin'ity zazalahy ity.

20 Sady tsy Demokraty aho no tsy Repoblikana. Nandatsa-bato anankiray fotsiny aho, ary ho an'i Kristy izany. Ary Izy no—Izy no . . . Handresy aho amin'Izany.

21 Ankehitriny, izaho—heveriko fa ny Filoha malaza indrindra, na izany aza, izay hany nananantsika, dia Abraham Lincoln. Tsy satria hoe izy dia Kentuckiana iray, ihany koa, fa ilay

izy dia satria niainga avy tamin'ny tsinontsinona io lehilahy io. Ary ny boky rehetra izay hany nananan'io lehilahy io, hatramin'ny fotoana naha-zazalahy tanora azy, ka hatramin'ny naha-lehibe azy, saiky, dia ny Baiboly ary—ary ny *Pilgrim's Progress* an'i Bunyan. Hitanareo, izany no namolavola azy ho (inona?) ilay "Abe mahitsy fo." Izy. . . Izay vakianareo, izay ataonareo, no mamolavola ny toetranareo. Izany—izany no miteny an'izay maha-izy anareo. Ary ankehitriny, hitanareo, namaky izy teo amin'ny hoe "raha nanao ratsy ianareo, dia handoa ny amin'izany; raha nanao ny tsara ianareo, dia hanaja an'izany Andriamanitra," ary izany no namolavola an'izay naha-izy azy. Ary ny reniny, ve—vehivavy masina iray, ihany koa. Hoy izy hoe, "Raha misy laza omena ny olona iray, dia reny masina iray izany," izay nitaiza azy tsara. Ankehitriny dia izany no nanao, heveriko, hataoko hoe farafahakeliny Filoha anankiray, raha tsy ny malaza indrindra, izay nananantsika. Niainga avy tamin'ny tsinontsinona izy, ary nataon'Andriamanitra ho Filoha izy satria lehilahy iray mahitsy fo sy lehilahy iray tsara fanahy.

22 Ankehitriny, hitantsika fa mitovy amin'izany ity zazalahy ity. Nanana an'ireo raiamandreny masina ireo izy, nanao an'izay marina izy. Rehefa lasa mpanjaka izy, ary rehefa enina ambin'ny folo taona izy, dia tsy noraharahiny ireo politika rehetra sy ny hevi-bahoaka tamin'ny androny, fa nanompo an'Andriamanitra tamin'ny fanajana izy. Izany no nanao azy ho tena mpanjaka iray. Tsy miraharaha an'ireo politika sy ny hevitra moderina, ka manompo an'Andriamanitra amin'ny fanajana, izany no tena tsara. Ny fanjakany, nitahy an'izany Andriamanitra, dia tena lehibe hany ka izany no nanaraka ny an'i Solomona. Ary Solomona no nanana ny lehibe indrindra izay nisy; fa ity zazalahy ity no nanaraka an'i Solomona, tao amin'ny fanjakany.

23 Izany dia fa—fanampiana lehibe ho an'i Isaia mpaminany tanora, ary izy izay lehilahy tanora tamin'izany fotoana izany, vao tonga fotsiny. Satria teraka ho mpaminany, dia nandinika ny fitaomana izay nananan'ity lehilahy ity teo amin'ny vahoaka izy; ary hitany hoe avy taiza ny fitaomany, satria natoky an'Andriamanitra izy, tamin'ny fomba hentitra. Ary nanana . . . Nahamarika indray izy, nahamarika i Isaia, hoe ahoana fa Andriamanitra dia hitahy an'ireo izay hahatoky amin'ny Tenin'Andriamanitra.

24 Ankehitriny dia fantatsika fa te-hijanona teo amin'ireo fitsipika avy amin'izay nolazain'Andriamanitra ity tovolahy ity. Nitandrina an'ireo Lalàny izy. Tsy nivily ankavanana na ankavia i Ozia. Nijanona tsara tamin'izay nolazain'ny Teny izy, ary nanaja azy Andriamanitra ka nitahy azy tamin'izay rehetra nataony, nambinina, ary nandroso avy hatrany. Inona no—ohatra iray toy ny inona izany ho an'ny olona tanora rehetra!

25 Heveriko fa raha nanana olona isika amin'izao andro izao, ireo fiangonantsika izay milaza ho Kristiana, raha nifady an'ireo

zavatr'izao tontolo izao izy ireo ka niaina an'io karazana fiainana io, dia ho nahataona an'ireo Kristiana tanora indrindra izany mba hanao tahaka an'izany. Fa, amin'izao andro izao, rehefa mamotsotra izy ireo, sy misotro sy mifoka, ary manao hadalana, nefa mbola miezaka mitazona foana ny filazany ho Kristianisma, dia izany no mametraka vato manafintohina ratsy iray eo amin'ny làlan'ny olona hafa, ary izany no manao an'ilay izy ho tena sarotra.

26 Tsarovy, hoy ny Baiboly hoe, "Ianareo dia epistily velona, voasoratra, vakian'ny olona rehetra." Ankehitriny, maro ny olona tsy hamaky ny Baiboly, fa Andriamanitra dia nanao anareo ho solontena velona iray. Taratasy iray mandehandeha ianareo, tokony ho Baiboly iray mandehandeha, Kristy ao anatinareo. Tokony ho Tenin'Andriamanitra mandehandeha ianareo. Ary raha milaza ho Kristiana iray ianareo, nefa tsy izany, ny fitaomanareo, ny . . . Izay taominareo, no hanao anareo tsy maintsy hamaly ho an'ny fanahy maro izay navilinareo, nanalavitra an'i Kristy, amin'io Andron'ny Fitsarana io.

27 Heveriko fa mety amintsika, izao hariva izao, ny mieritreritra an'izany, satria ny lehilahy tsirairay, vehivavy, zazalahy sy zazavavy, dia mahafantatra fa ho tonga eo amin'ny Fitsarana ianareo. Mety ho afa-mandositra an'*ity, itsy,* na ny *hafa* ianareo. Mety afaka hiala amin'ny hetra miditra ianareo, ary mety ho afa-mandositra amin'ny Fidiram-bola Anatiny. Mety hanao zavatra iray na iray hafa ianareo. Mety mandeha mihoatra ny fetran'ny hafainganam-pandeha ianareo ka tsy tratran'ny polisy mihitsy. Saingy, indray andro any, dia hahatratra anareo ny Fitsarana. Azo antoka izany!

28 "Ary fantatsika fa tsy maintsy ho faty ny olona, ary aorian'izany dia ny Fitsarana." Tsy zavatra sarotra iray ny fahafatesana. Ilay Fitsarana aorian'ny fahafatesana, no ampahany ratsy. Ary eo, izay nataonareo teo amin'ny fiainana, sy hoe ahoana no nitaomanareo ny hafa, dia tsy maintsy hamaly ny amin'izany ianareo amin'io Andro io.

29 "Tsy mihoatra noho izany ve no tokony hanesorantsika ny mavesatra rehetra, sy ny fahotana izay malaky mahazo antsika, mba ahafahantsika mihazakazaka am-paharetana an'ity hazakazaka izay mipetraka eo anoloantsika ity, mijery," tsy an'ilay fanekem-pinoana, an'ilay anaram-piangonana, an'ny olona hafa iray, fa, "an'i Jesosy Kristy Izay mpanao sy mpanefa ny Finoantsika."

30 Ahoana no tokony hieritreretantsika an'ireo zavatra ireo, ry sakaiza, hentitra sy am-panajana, nefa hitantsika fa manatona io Andro io, ary mahafantatra fa amin'ny fotoana rehetra ny pejin'ny fiainanareo, ilay boky, dia mety hikatona izao hariva izao, ary rahampitso dia ho tara loatra ny hanaovanareo an'izany. Aza ahemotra izay azonareo atao androany, ho an'ny

rahampitso, satria mety tsy ho tonga intsony ny rahampitso. Ireo lehilahy sy vehivavy, zazalahy sy zazavavy, dia mety mipetraka eto izao hariva izao, ary ho ao anatin'ny tranom-paty alohan'ny misandratr'andro. Marina izany. Ary amin'izay fotoana izay dia mikatona ny bokinareo, ary tsy hanana anjara hafa intsony ianareo. Mety ho izao no anjara farany izay hany hanananareo. Eritrereto izany, am-pahamatorana. Hoy ianareo hoe, "Eny, angamba tsy izany ilay izy." Angamba tsy izany ilay izy, saingy mety ho izany. Fa, tsarovy, hikatona ilay boky indray andro any, sy izay ataonareo ankehitriny.

31 Ary indrindra ianareo olona izay milaza fa Kristiana, saraho amin'ireo zavatr'izao tontolo izao ny tenanareo. Aza manana na inona na inona hatao amin'izao tontolo izao. Andosiro izany, satria misy olona iray mandinika anareo. Mandinika anareo ny olona iray. Ary tsy ny tenanareo irery ihany no halefanareo any, fa hitondra azy ireo any amin'ny toerana ratsy, ary tsy maintsy mamaly ny amin'ny fitaomanareo ianareo.

32 Toy ny ahoana no nandinihan'io mpaminany io an'ity lehilahy ity, ary nahita fa nitahy azy Andriamanitra, ary ahoana fa fitaomana iray toy ny inona izany! Ahoana fa nambinina io lehilahy io, izay nataon'Andriamanitra ho azy. Izy dia niaina fi—fiainana iray izay nahafinaritra, notahian'Andriamanitra, ary tsy nivily ankavanana na ankavia izy.

33 Ankehitriny eto isika dia mahita ohatra iray hafa ao amin'ity lehilahy ity, ity lehilahy Ozia ity, mpanjaka malaza iray izay nandeha niaraka tamin'Andriamanitra fahiny. Hoy ny Baiboly hoe, "Rehefa tsapan'ny mpanjaka fa voaaro izy, nahatsapa fa nety tsara izy, tamin'izay fotoana izay dia nanandra-tena tao am-pony izy, tamin'ny avonavona."

34 Mamelà ahy hijanona eto hilaza an'izao, am-panajana, ry rahalahiko, anabaviko. Andriamanitra no nanao anareo ho mpanatrika ahy izao hariva izao. Tsy maintsy matotra mafy amin'izay lazaiko aho, ary tsy maintsy mihaino ahy am-pahamatorana mafy ianareo.

35 Izany ilay olana amin'ny olona maro amin'izao andro izao. Mieritreritra izy ireo. . . Manana ny sasany amin'ireo rahalahy mpitoriteny isika, ny sasany amin'izy ireo dia tonga eo amin'ny toerana iray, angamba, ary mpitoriteny goavana, hany ka mahatsapa voaaro izy ireo. Efa nanana an'izany isika, mahafantatra fa marina izany. Mpitoriteny maro eto amin'ny firenena amin'izao andro izao no manomboka misotro. Ny sasany amin'izy ireo dia mieritreritra hoe, "Eny, nanorina ny fanjakako kely manodidina ahy aho. Tsy misy antony ho ahy. . . Tia ahy betsaka ireo olona ireo, hany ka tsy hiraharaha mihitsy izy ireo raha manao an'*ity* aho na manao an'*itsy* aho." Mamelà ahy hiteny aminareo, rahalahy, misy Anankiray Izay

mijery, ary Andriamanitra izany. Tsy misy olona voaaro any ivelan'Andriamanitra.

36 Indraindray arak'izany dia tonga eo amin'ny toerana iray isika, mieritreritra isika hoe, "Mitahy anay Andriamanitra. Nomeny Cadillac iray aho. Nomeny asa iray tsaratsara kokoa aho. Nomeny an'*ity* aho." Tsy izany no famantarana fa hoe tsy afaka hamadika an'ireo Fitahiany hiala aminareo ianareo.

37 Rehefa misandratra ianareo, ka mahatsapa hoe, "Eny, fahiny aho dia nipetraka nandritra ny alina manontolo ary nivavaka, fahiny aho dia nanao an'*ity* ary nanao an'*itsy,* fa tsy nanao an'izany intsony aho," eo amin'ny tany mampidi-doza ianareo.

38 Izany ilay olana amin'ny vahoakantsika Pentekotista. Raha, tany aoriana, taloha ela be, fony isika nanana misiona kely teny amin'ny zorony tany ho any, ary ireo vehivavy tsy nanao bàn-kiraro ary nikapoka ampongatapaka iray tany, tsy maintsy nivavaka nandritra ny alina manontolo, sy ny zavatra rehetra; nidin'ny polisy ianareo, ary nijanona tao am-ponja, sy ny sisa. Nivavaka ianareo. Ireo fiangonana, ireo anaram-piangonana rehetra, dia nihomehy anareo sy naneso anareo. Fa ankehitriny dia nanandratra anareo Andriamanitra, hany ka ianareo no manana ny sasany amin'ireo fiangonana tsara indrindra eto amin'ny firenena, anaram-piangonana lehibe iray matanjaka, manomboka mahatsapa ho voaaro ianareo. Mitandrema, amin'izay fotoana izay ianareo no misandratra. Amin'izay fotoana izay, rehefa mandefa Zavatra Andriamanitra, ianareo dia tsy afaka hanaiky an'Izany, intsony, satria efa nijoro vavolombelona mikasika an'ity *zavatra* ity ianareo. Avy eo rehefa manomboka mahatsapa ho voaaro ianareo, dia izany no fotoana izay misy anareo eo amin'ny làlanareo mankany amin'ny fahalavoanareo. Ho an'ireo anaram-piangonana izany. Ho an'ireo firenena izany.

39 Jereo ny firenentsika, fahiny dia iray amin'ireo firenena lehibe tsara fitondran-tena teo amin'izao tontolo izao. Jereo izy amin'izao andro izao, fihomehezan'izao tontolo izao izy, maloto kokoa noho ny zavatra rehetra izay fantatro.

40 Rehefa nidina ny fiaramanidina aho, ary tonga tany Roma, ary nankany amin'ny Sant'Angelo aho, mba hiditra ao amin'ilay fasana ambanin'ny tany, saikatra aho rehefa nahita takelaka iray napetraka teo amin'ilay—ilay fasana ambanin'ny tany an'i Sant'Angelo, nanao hoe, "Teny iray ho an'ireo vehivavy Amerikana rehetra: Azafady anaovy ny akanjo alohan'ny hidirana ao amin'ny fasana ambanin'ny tany, mba hanajana ny maty." Niditra tao nanao sorta, ary nanao pataloha, tany amin'ny toerana iray tahaka an'i Roma; nefa avy eo dia tsy maintsy nilaza hoe, "Ho an'ny vehivavy Amerikana: Mba hanajana ny maty, dia manaova akanjo." Nahoana, lasa maimbo eo amin'ny vavorona ilay izy! Ary ny volantsika any ampitan-dranomasina rehetra,

sy ny fampindramam-bola omena, ary ny zavatra rehetra tahaka an'izany, dia tsy hahavidy fisakaizana mihitsy.

41 Ny ilaintsika ato amin'ity firenena ity, ary tsy hanana an'izany mihitsy isika, fa ny ilaintsika dia fo—fotoan'ny fanadiovan-trano iray; tsy fanadiovan-trano ara-politika, fa fifohazana iray nalefan'ny Fanahy Masina izay hamafa azy manomboka any an-tampon-doha ka hatrany am-paladia. Izany no ilain'ny fiangonantsika. Izany no ilain'ny vahoakantsika. Izany no, amin'ny maha-isam-batan'olona, ilaintsika. Ka ny fitaomantsika. . . Rehefa misandratra isika ka manao hoe, "Pentekotista aho. Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Nihiakiaka aho. Nandihy tao amin'ny Fanahy aho." Mety ho nanao an'izany ianareo, fa avelao aho hiteny zavatra aminareo, rahalahy, tsy fiarovana ho anareo izany, na kely aza.

42 Hitantsika rehefa nanandra-tena tao am-pony i Ozia, dia hitantsika fa namely azy Andriamanitra. Inona no nataony? Niezaka mafy izy mba hanandrana haka ny toeran'ny mpitoriteny iray. Nihevitra izy hoe satria nasandratra izy, dia nitahy azy Andriamanitra, nanao azy ho lehilahy malaza iray, dia afaka nanao ny zavatra rehetra izay tiany natao fotsiny izy.

43 Nandre lehilahy tanora iray aho niteny tamiko vao tsy ela akory izay, hoy izy hoe, "Fantatrao, tia ahy betsaka Andriamanitra, Rahalahy Branham, mamela ahy hanao ny zavatra rehetra izay tiako hatao fotsiny Izy. Tsy miraharaha Izy."

44 Mandre betsaka aho amin'izao andro izao mikasika ny hoe Andriamanitra dia Andriamanitra tsara fanahy iray. Izany Izy. Tsy miady hevitra amin'izany aho. Andriamanitra tsara fanahy iray Izy. Saingy Andriamanitry ny fahatezerana koa Izy. Mitaky fahamarinana ny Fahamasinany. Mitaky fitsarana ny Lalàny. Raha tsy misy fitsarana amin'ny lalàna, dia tsy manan-kery ny lalàna. Inona no soa hilazana hoe, "Raràn'ny lalàna ny mandika an'io jiro mena eto io," raha tsy misy sazy ao ambadik'izany? Hitanareo, tsy ho lalàna izany. Tsy afaka nanao na inona na inona mikasika an'izany izy ireo; tsy misy sazy iray eo. Misy sazy ho an'ny fandikàna ny lalàn'Andriamanitra, ary, izany dia ho, tsy maintsy mandoa hatramin'ny variraiventy farany alohan'ny amoahana anareo ianareo.

45 Ankehitriny dia olona maro amin'izao andro izao no manao an'izany fahadisoana mampalahelo izany tahaka ny nataon'ity lehilahy ity, rehefa nasandratra izy, lasa goavana, lasa tahaka an'izany hany ka nanana ny zavatra rehetra teo an-tànany manokana izy, nahatsapa ho voaaro izy, "Tia ahy betsaka Andriamanitra, hany ka tsy misy na inona na inona afaka hanelingelina ahy ankehitriny." Rehefa nanao an'izany izy, dia nandefa ny tenany tao amin'ilay toerana iray ihany izay nisy an'i Nebokadnezara indray mandeha, araka ny fantatrareo

mpamaky Baiboly. Avy eo dia hitantsika fa tratran'ny habokana izy satria niezaka naka ny toeran'ny mpitoriteny iray.

46 Vao tsy ela akory izay, miresaka iraisam-pirenena aho ho an'ny Full Gospel Business Men, fotoana vitsy lasa izay, nipetraka tao amin'ny toerana iray aho, tany Jamaica, nanao fivoriana iray izahay.

47 Tiako izy ireo, satria olona avy amin'ny fiangonana rehetra izany. Manome ahy anjara iray mba—mba hiresahana izany. Indraindray ireo fiangonana dia tsy hiara-miasa, fa ny mpandraharahan'izy ireo dia miara-miasa, izy ireo—tsy maintsy somary mihazona ny endriny izy ireo nohon'ny amin'ireo mpandraharaha.

48 Noho izany ankehitriny dia hitantsika, fa tany, nanao fivoriana iray aho. Tamin'io hariva io rehefa niverina nankany amin'ny Flamingo Motel izahay, dia hoy aho hoe, "Menatra anareo namana aho." Hoy aho hoe, "Fahafaham-baraka iray izany. Ny hany noresahanareo, teo anatrehan'ireo mpitarika ara-politika rehetra sy ny sisa, ary ireo mpandraharaha ambony-sy-ambany eto, dia nikasika ny hoe, 'Nanana asa kely bitika aho teto, ary nahazo Cadillacs enina ambin'ny folo aho,' na inona koa." Hoy aho hoe, "Ireo lehilahy ireo, tsy afaka hitaha amin'izy ireo ianareo."

49 Izany no olana amin'ny fiangonana amin'izao andro izao, miezaka hitaha amin'i Hollywood ianareo. Miezaka manao azy ho tahaka an'i Hollywood ianareo. Tsarovy, Hollywood dia mamiratra; ny Filazantsara dia manjelatra. Tsy afaka mandeha eny amin'ny tanin'izy ireo ianareo; tsy maintsy mitondra azy ireo eo amin'ny tanintsika ianareo. Eo no tsy maintsy ahazoantsika azy ireo. Tsy maintsy mitondra azy ireo eto, fa tsy isika no mandeha mankany. Tsy afaka hitaha amin'izy ireo mihitsy isika. Tsy te-hitaha isika. Mamirapiratra sy marevaka izy ireo; ny Filazantsara dia manjelatra amin'ny fahalemem-panahy sy fanetre-tena. Izany fotsiny no fahasamihafana eo amin'ny manjelatra iray sy mamiratra iray.

50 Ankehitriny dia hitantsika, hoy aho tamin'ireo lehilahy ireo, hoy aho hoe, "Ny zavatra amin'ilay izy dia, ianareo lehilahy izay mpandraharaha fotsiny, dia miezaka mitory ny Filazantsara. Tsy manana raharaha hanao an'izany ianareo. Izahay mpitory teny dia manana fotoana sarotra betsaka hihazonana azy eo amin'ny haavo. Ary ianareo lehilahy dia tsy tokony hanao an'izany. Miezaka maka an'ilay toerana tsy izy ianareo. Mpandraharaha ianareo, fa aza miezaka maka ny toeran'ny Filazantsara."

51 Ary izaho—hoy aho hoe, "Ny zavatra amin'ilay izy dia, amin'izao andro izao, dia miezaka ianareo ny milaza hoe firy no ananananareo. Fahasamihafana toy ny inona izany amin'ireo pentekotista voalohany! Nanala an'ireo izay nananany ireo pentekotista voalohany."

52 Mpihira kely iray tany, dia lehilahy kely tsara iray. Tiako izy. Lehilahy mahafinaritra iray izy, fa hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, tsy te-handà ny teninao mihitsy aho, na hilaza na inona na inona manohitra an’Izany.”

53 Hoy aho hoe, “Mety tsara izany. Raha tsy ny Tenin’ny Tompo ilay izy, amin’izay fotoana izay dia manana zò ianao, rahalahy.”

Dia hoy izy hoe, “Izany no nahadiso anao indray mandeha.”

54 Hoy aho hoe, “Oh, tsia. Tsia, tsia.” Hoy aho hoe, “Ireo pentekotista voalohany dia nivarotra ny zavatra rehetra izay nananany, ary nametraka an’izany tao amin’ireo asa fitoriana, dia—dia lasa.”

55 Ary nisy mpitory teny iray teo, hoy izy hoe, “Izany no zavatra ratsy indrindra hany nataon’izy ireo.”

Hoy aho hoe, “Inona? Manao fahadisoana iray ve ny Fanahy Masina?”

56 Hoy izy hoe, “Tsy milaza an’izany aho; fa izany no zavatra ratsy indrindra hany nataon’izy ireo.” Hoy izy, “Avy eo rehefa tonga tao am-piangonana ny fifandirana, dia tsy nanana trano handehanana izy ireo.”

57 Hoy aho hoe, “Izany marina tokoa no antony nasain’Andriamanitra nivarotan’izy ireo ny tranony, avy eo dia nandeha hatraiza hatraiza izy ireo, nanely ny hafatra nanerana ny firenena. Tsy nanana toerana hafa haleha izy ireo.” Fantatr’Andriamanitra izay Ataony, avelao fotsiny Izy hitantana ny Raharaha.

58 Hitantsika fa naka fandoroana ditin-kazo manitra ity lehilahy ity, nanomboka niditra mba—mba—mba hanao fa—fanevahevana, ny—ny—ny fandoroana ditin-kazo manitra, handoro zava-manitra. Tsy asany izany. Mpanjaka izy, fa tsy tokony ho mpisorona. Ary nihazakazaka taoriany ny mpisorona, ka niteny taminy, nanao hoe, “Tsy tokony hanao an’izao ianao. Levita iray irery ihany no manao an’io, nefa ianao tsy Levita iray. Mila lehilahy iray voatokana ho an’io, ary tsy voatokana ho an’ny Tompo ianao. Mpanjaka iray ianao. Mitahy anao Andriamanitra. Tsara izany. Saingy tsy voatokana hanao an’io ianao.”

59 Imbetsaka mihitsy isika no nahita an’ireo fanomezam-pahasoavana nezahina nalaina tahaka, nefa tsy voatokana ho an’ilay antso izy ireo. Ary efa hitantsika izany rehetra izany. Mahita an’izany isika amin’izao andro izao tahaka azy tamin’izany, mahita olona iray miezaka maka tahaka olona iray manana ny Fanahy Masina; mihiakiaka tahaka azy ireo, miteny amin’ny fiteny tsy fantatra tahaka azy ireo, nefa mbola tsy mahafantatra betsaka mikasika an’Andriamanitra noho ny hahafantaran’ny Hottentot iray mikasika ny alina Egyptiana

iray izy ireo. Marina izany, fakan-tahaka fotsiny, mihetsika tahaka an'izany, mandika zavatra.

60 Fa mamelà ahy hiteny aminareo, ianareo izay mijery an'izany, tsarovy, rehefa mahita olona iray maka tahaka an'izany ianareo, dia misy zavatra iray tena izy any ho any. Raha nahita dolara iray aho, ary sandoka iray izany, dia famantarana iray fotsiny izany hoe vita avy amin'ny tena izy iray ilay izy.

61 Fa hitantsika ity lehilahy ity, Ozia, miezaka maka ny toeran'io mpisorona io. Ary rehefa nanenjika azy izy ireo, mba hiteny aminy, dia tezitra izy. Nitodika izy ka nampahafantatra azy ireo hoe, "Hanao izay tiako hatao aho. Iza moa ianareo no hiteny amiko an'izay hatao? Ianareo ve no miteny amiko an'izay tokony hataoko? Mpanjaka aho, hanao an'izay tiako hatao aho!" Ary Andriamanitra namely azy tamin'ny habokana, teo no ho eo. Ary maty izy, boka iray. Tamin'ny fahatezerany, rehefa nirehitra ny fahatezerany, dia tratran'ny habokana izy.

62 Noho izany dia lesona ho an'ilay mpaminany tanora izany, azo antoka tokoa. Rehefa avy nandinika an'io lehilahy niakatra io izy, ka nahazo ny Ph.D.-ny, ny LL.D.-ny, sy ny sisa, ary avy eo dia miezaka maka toerana izay tsy azy. Nahita izy, ary tezitra mikasika an'izany. Rehefa niezaka ny olona iray niteny taminy an'izay HOY NY TOMPO HOE, dia tsy niraharaha an'izany izy. Ary namely azy tamin'ny habokana Andriamanitra, izay tandindon'ny fahotana. Eny àry, tamin'ny alàlan'io, no nianaran'i Isaia fa Andriamanitra no mametraka ny Olony eo amin'ny toerany. Andriamanitra no manao ny fametrahana. Tsy afaka maka lehilahy isika indraindray ary manao an'izany aminy.

63 Vehivavy tanora iray, teto vao tsy ela akory izay, niteny tamiko izy fa izy. . .na nanana zazalahy kely izy izay handehanany. . .Hoy izy, "Nahatsapa izy fa nanana antso iray." Teo amin'ny dimy amby telopolo taona teo izy, heveriko. Hoy izy hoe, "Ny zanakolahy, eo amin'ny efatra ambin'ny folo taona eo, mahatsapa fa nahazo antso iray izy. Ranadahy Branham, handefa azy ve ianao ka hahazo ny Ph.D.-ny, na zavatra hafa tahaka an'izany, handefa azy any amin'ny kolejy iray? Inona no hevitra hatoronao?"

64 Hoy aho hoe, "Ny tsara indrindra fantatro dia ny kolejin'ny lohalikôlôjia, mandohalika." Hoy aho hoe, "Handeha any izy eo anivon'izany, ary, ny zavatra voalohany fantatrao, dia manomboka hianatra mate-. . .matematika izy ary ny rehetra mikasika an'*ity,* ary toy izany koa mikasika an'*ity,* ary omen'izy ireo fitsapana ara-tsaina iray izy sy IQ iray, ary ny rehetra tahaka an'izany. Ary avy eo dia esorin'izy ireo ny rehetra an'Andriamanitra, izay hany tao anatiny, hivoaka," hoy aho. Tsy hoe manambany an'ireo zavatra ireo fotsiny, fa maneho

aminareo fotsiny aho hoe hatraiza no hanalaviran'izy ireo an'ilay tsipika.

65 Diniho ka jereo izay, ity nitranga ity. Ankehitriny, Andriamanitra no mametraka ny Olony eo amin'ny toerany.

66 Vao tsy ela akory izay, dia namaky tantara kely aho an'ny—vehivavy iray izay. . .nanana a—aretina iray, ny—ny—ny—aretin'avokavoka iray, tany St. Louis, Missouri. Ary izy dia tena, tena narary, ka nilaza izy ireo fa izy dia ho—ho—ho faty. Ary nanana zanakalahy iray tany amin'ny kolejy izy. Noho izany dia tonga mba hahita, tonga ny dokotera, hoe hafiriana fotsiny no noheveriny fa nananany, hahavelomana. Ary hoy izy, "Mety tsy ho eto izy afaka andro iray na roa, amboniny."

67 Noho izany dia niantso an'ilay zanakalahy tanora izy ireo, hoe "tsaratsara kokoa ny mody," tena narary mafy ny reniny. Noho izany ilay zanakalahy tanora, nahazo an'ilay telegrama, dia niomana ny handeha, fa nahazo telegrama iray hafa izy hoe, "Tsaratsara kokoa ny reninao ankehitriny, mety tsara. Aza tonga."

68 Eny, avy eo teo amin'ny herintaona tatỳ aoriana, nahoana, nanao ny famangiany isan-taona ilay zazalahy. Rehefa tonga tao an-trano izy, dia hoy izy hoe, "Neny!" Rehefa avy niarahaba azy izy, dia hoy izy hoe, "Fantatrao, manontany fotsiny aho, fony ianao tena narary, dia tsy niteny tamiko mihitsy ianao hoe inona marina no nitranga."

69 Hoy izy hoe, "Oh, anaka, manana zavatra ho tenenina aminao aho." Hoy izy hoe, "Fantatrao ve io misiona kely eto an-dàlambe eto io, eto ambany eto izay misy olona mivazavaza tahaka an'izany, ary miantsoantso sy manohy?"

Hoy izy, "Eny."

70 Hoy izy, "Mino ny fivavahana ho an'ny marary ny pasiteran'izy ireo." Hoy izy, "Tonga teto ny iray tamin'ireo ramatoa ary niteny tamiko." Hoy izy, "Niteny tamiko ny dokotera fa andro vitsivitsy amboniny sisa no ananako eto." Ary hoy izy, "Noho izany dia naniraka izy ireo ary naka, te-hitondra an'io pasitera io ho avy ka hivavaka ho ahy, ary nanao ilay ramatoa, dia hoy aho hoe, 'Eny, azo antoka, asaivo tonga izy.'" Hoy izy, "Fantatrao, tonga izy ary," hoy izy, "namaky Soratra iray tao amin'ny Baiboly eo io izy." Ary hoy izy, "Tonga izy ka nametra-tànana teo amiko, ary nivavaka ho ahy. Ary, fantatrao, niala tamiko ilay tazo, ary salama aho." Dia hoy izy hoe, "Oh, deraina Andriamanitra!"

Hoy izy hoe, "Neny, neny, mahafantatra tsaratsara kokoa noho izany ianao ankehitriny!"

71 Hoy izy, "Oh, oh, tsia, tsia, malala," hoy izy, "nitranga tokoa izany." Hoy izy hoe, "Voninahitra ho an'Andriamanitra! Teneniko aminao," hoy izy.

72 Hoy izy hoe, "Ankehitriny dia mihetsika tahaka an'ireo olona ireo tokoa ianao." Hoy izy, "Tsy tokony hanao an'izany ianao, neny."

73 Hoy izy, "Saingy," hoy izy, "malala, namaky an'izany avy tao amin'ny Baiboly mihitsy izy. Namaky izy teo, Marka ny toko faha-16 hoe, 'Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino.' Indro *Eto* mihitsy izany." Hoy izy, "Isika, isika . . . Ity *Eto* ity mihitsy izany," hoy izy.

74 "Oh, neny, ilay karazana tsy mahay mamaky teny any izany." Hoy izy, "Tsy manana fianarana ireo olona any ireo." Hoy izy, "Olona mahantra fotsiny izy ireo, fakofako eny an-dàlambe, sy ny sisa, ary mandeha ao." Hoy izy, "Io pasitera io . . . " Hoy izy, "Izahay dia mianatra ao amin'ny kolejy, fa ny Marka 16, manomboka amin'ny andininy faha-9, dia tsy voatsindrimandry."

Hoy izy hoe, "Voninahitra ho an'Andriamanitra!"

Hoy izy hoe, "Neny, inona no olana aminao?"

75 Hoy izy, "Nieritreritra fotsiny aho, anaka, hoe raha afaka manasitrana ahy amin'ny Teny tsy voatsindrimandry Andriamanitra, dia inona marina tokoa no Hataony amin'izay voatsindrimandry?" Noho izany dia heveriko fa saiky milamina hatreo fotsiny izany. Sa tsy izany? "Raha hanasitrana ilay tsy voatsindrimandry, dia inona no hataon'ilay voatsindrimandry?" Izay ilay izy, ry sakaizako. Eny, tompoko.

76 Ankehitriny, miezaka maka ny toeran'ny iray hafa. Andriamanitra no mametraka ny Olony. Andriamanitra no mametraka ny Olony eo amin'ny toerany. Tsy tokony hiezaka haka ny toeran'ny iray hafa izy. Tsy tokony hanao an'izany ianareo.

77 Ankehitriny ilay fahitana tao an-tempoly. Tao an-tempoly, lasa izy rehefa hitany izany. Hitan'i Isaia izany, Hezekia, izay nitranga taminy, ary avy eo dia maty izy ary nisy ny—ny . . . Ozia no tiako lazaina, ary izy dia—efa nentina nankany amin'ny tobin'ny boka izy, ary ny zanany no tsy maintsy nanjaka teo amin'ny toerany. Ary noho izany Isaia dia somary leo, ka nandeha nankany amin'ny tempoly izy indray andro, mba hanaisotra an'ilay zavatra avy teo amin'ny—avy teo amin'ny tratrany.

78 Heveriko fa zavatra iray tsara hataontsika rehetra izany, dia ny mandeha mankany amin'ny tranon'Andriamanitra, mandohalika ary manafaka ny fanahinareo, manala an'ilay zavatra ao an-tsainareo.

79 Noho izany dia nandohalika teo i Isaia ary nanomboka nivavaka izy. Izy tsy . . . Mety ho tamin'ny tolakandro izany, ary izy . . . na aloha be tamin'ny maraina, tsy fantatro. Noho izany dia nandohalika teo amin'ny alitara izy ary nanomboka

nivavaka, ary nivavaka izy mandra-pahatongany ho tena matotra. Ankehitriny dia izany ilay fanao. Hitany fa izay nojereny, teto an-tany teto, dia tsy nahomby. Io mpanjaka izay notahian'Andriamanitra io, io mpanjaka lehibe, mahery io, ilay mahery indrindra teo amin'ny firenena, kanefa tsy nahomby. Ary noho izany dia tsy fantany izay hatao, ka nandeha nivavaka izy.

80 Noho izany, tampoka teo, dia nanandratra ny lohany izy, ary avy eo dia nahita tena Mpanjaka iray izy. Nahita an'Andriamanitra nasandratra tany amin'ny Avo izy; nameno ny Lanitra ny Ebaneban'akanjony. Nahita izy, nahita zavatra ho jerena, tena ohatra iray. Rehefa mijery ianareo ka miezaka manao lehilahy iray ho ohatrareo, dia azo antoka fa ho diso ianareo, satria tsy hahomby izy. Fa niezaka nilaza tamin'ilay mpaminany Izy hoe, "Aza mijery olona na izay lazain'ny olona. Atodiho mankaty Amiko ny masonao sy izay Nolazaiko. Miandrandrà Eto; tsy seza fiandrianan'ny tany iray, fa Seza fiandrianan'ny lanitra iray, nakarina avo any Andanitra," ary nameno ny lanitra ny Ebaneban'akanjony. Dia niandrandra izy. Ary avy eo dia nijery tao amin'ny tempoly izy, nahita an'Andriamanitra nasandratra izy tao an-tempoly, ary nahamarika an'ireo Serafiman'ny Lanitra.

81 Ankehitriny, ireo Serafima eo dia tsy Anjely. Izy ireo dia natao ho mpandoro fanatitra izay mitady làlana ho an'ilay meloka. Ary mpandoro fanatitra Izy ireo.

82 Fisaronana manokana iray no teo ambonin'ireo Vatana ireo, ary maneho fa masina tanteraka Andriamanitra. Masina tanteraka Andriamanitra. Ary nihiakiaka tamin'ny tampon'ny Feony Izy ireo hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha. Masina, masina, masina," teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra mihitsy.

83 Tsarovy, ireo Serafima sy ireo Kerobima no miambina an'ilay Toerana Masina. Izy ireo no hany Tokana izay mandray ny fanatitra sy manolotra an'izany. Ary teo izy ireo, niaina avy hatrany teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, nihiakiaka hoe, "Masina, masina, masina, ny Tompo Andriamanitra Tsitoha."

84 Ndao jerentsika vetivety ny toe-batan'izy ireo. Hitantsika fa Zava-boahary manana elatra enina ireo. Nanana elatra roa teo amin'ny Tavany Izy ireo, ary elatra roa teo amin'ny Tongony, ary nanidina tamin'ny elatra roa.

85 Eritrereto, elatra roa teo amin'ny Tavany, aloha. Voalohany indrindra, ho inona izany? Ndao jerentsika ny dikan'ireo elatra roa teo amin'ny Tavany. Raha tena masina Andriamanitra ka ireo Anjely sy Kerobima masina aza dia tsy maintsy manarona ny Tavany, mba hitsangana eo amin'Ny Fanatrehany, dia ahoana no hitsanganantsika? Rehefa tsy maintsy hitsangana, isika rehetra, eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra; Izy no Mpitsara faratampony, ary hitsangana eo amin'Ny Fanatrehany isika

rehetra. Ary ireo Anjely masina izay tsy nahafantatra mihitsy hoe inona ny fahotana; noforonina ho Vatana manokana iray Izy ireo, ary mba hijoro eo amin'Ny Fanatrehany, dia tsy maintsy manarona ny Tavany masina, mba hijanona eo. Raha tsy maintsy manarona ny Tavany masina ireo Anjely, mba hitsangana eo, dia inona no hataontsika, mba tsy maintsy hiaina ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra Tsitoha, raha mijanona eo amin'Ny Fanatrehany isika? Manana fisaronana iray isika, na izany aza, ny Ràn'i Jesosy Kristy. Marina izany. Amin'izao andro izao . . .

86 Fanajana izany. Izany dia midika hoe fanajana, eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

87 Amin'izao andro izao dia tsy misy fanajana. Oh, ny kely izay misy, dia tena kely mihitsy izany. Inona? Mahita an'ireo olona mihomehy an'izay antsoina hoe Kristianisma ianareo. Inona no hitranga amin'io lehilahy io? Rehefa mandefa zavatra ho eto antany Andriamanitra, ka hitan'izy ireo fa miasa marina tokoa araka ny Teny izany, nefa avy eo ve dia miresaka mikasika an'izany ny olona, ary maneso an'izany? Fantatrareo ve izay nolazain'ny Baiboly? Hoy Jesosy hoe, "Fitenenan-dratsy izany, an'ny Fanahy Masina, ary tsy ho havela mihitsy."

"Oh," hoy izy ireo, "Avy amin'ny devoly izany."

88 Tandremo tsara izay lazainareo, rahalahy, ranabavy. Tandremo tsara izay lazainareo, ry mpanota. Tsy misy famelàna ho an'izany. Hoy Jesosy hoe, "Ny miteny teny iray manohitra an'Izany, dia tsy ho voavela mihitsy amin'ity fiainana ity na amin'ny fiainana ho avy."

89 Jereo izay vao avy Nataony, mamantatra, miteny amin'izy ireo an'ireo eritreritra izay tao am-pony. Ary hoy izy ireo hoe, "Belzeboba Izy," miantso ny Fanahin'Andriamanitra ho "fanahy maloto iray, devoly iray izay manao an'ilay asan'Andriamanitra."

90 Ary hoy Izy hoe, "Hamela anareo Aho," tsy mbola vita ilay fanaovam-panavotana tamin'izany fotoana izany, fa, ary tsy mbola maty Jesosy. "Fa," hoy Izy, "rehefa tonga ny Fanahy Masina, ny miteny hanohitra an'Izany, dia tsy havela aminareo mihitsy Izany." Rehefa tonga ny Fanahy Masina hanao an'ilay asa iray ihany izay Nataony tamin'izany, dia tsy havela mihitsy izany. Olona tsy manaja! Inona no azontsika antenaina afa-tsy fitsarana, ity firenena izay nandà an'Andriamanitra ity?

91 Ity firenena ity, kanefa Billy Graham sy Oral Roberts maro no nanapoaka nanerana an'ity firenena ity, ary ireo miaramila malaza hafa an'ny Hazo fijaliana izay nandeha nitety an'ity firenena ity, nitory ny Filazantsara, nefa mirongatra isan-taona ilay izy, mitohy mitombo ny fahotana.

92 Nisy an'ilay—ilay evanjelista malaza, Billy Graham, nilaza indray andro tao amin'ny iray tamin'ireo fivoriany, rehefa nandeha tany New York izy, nilaza fa izy dia nino hoe "Nitombo

isan-jato maro i New York, tao amin'ny fahotana, hatramin'ny fifohazany tany." Nilaza izy rehefa teto California, Los Angeles, hoy izy hoe, "Ao anatin'ny folo na dimy ambin'ny folo taona manomboka izao, dia tsy maintsy hitondra basy poleta iray ny olom-pirenena tsirairay, na zavatra iray hiarovana ny tenany, tsy afaka hanao fampiharana lalàna ampy izy ireo, tena mirongatra ny fahotana."

93 Oh, inona izany? Tsy fanajana ny Baiboly izany. Nandà ny anjarany izy ireo. Niteny ratsy sy naneso izy ireo. Marina izany.

94 Ankehitriny dia ndao isika hitondra an'izany akaiky kely kokoa eo amin'ny antsika, hijery an'ireo fiangonana, izay nataon'izy ireo. Maro amin'izy ireo no mandeha mitety ny firenena . . . Rehefa manana lehilahy iray ampy ny—ampy ny tena herin'Andriamanitra mikasika azy ianareo, mba hiteny amin'ny olona mikasika ny làlan'izy ireo mpanota! Makà olona iray izay hiteny amin'izy ireo fa tsy maintsy ateraka indray izy ireo, fa tsy mandray tànana na manatona ka maka fanapahan-kevitra iray. Tsy maintsy ateraka indray izy ireo; tsy mametraka ny anaranareo eo amin'ny boky iray, na mikambana amin'ny fiangonana, na mandray tànana, na famafazana, na batisa iray. Fa hateraky ny Fanahin'Andriamanitra, misaraka, ny Ain'Andriamanitra no velona ao anatinareo, maneho ny Tenany; tsy androany fotsiny, rahampitso, fa ny sisa amin'ny andronareo; miaraka amin'ny fifaliana ao amin'ny fizahan-toetranareo sy ny fahorianareo, handroso ianareo, mahafantatra fa misokatra eo anoloanareo ny làlana, mankany amin'ny Voninahitra. Izany no karazana Filazantsara! Rehefa mahita azy ireo tahaka an'izany ianareo, dia mitory an'Izany; ary rehefa miverina amin'ny taona manaraka, dia eo izy ireo tsy miova, ilay zavatra iray ihany, miharatsy fotsiny, ary betsaka amin'izany sy betsaka amin'izany. Arakaraka ny itorianareo manohitra an'izany, no mahalasa azy miharatsy. Inona izany? Tsy fanajana izany.

95 Ary avy eo ny dimy amby sivifolo isan-jaton'ireo olona ireo dia mandeha any am-piangonana, manana ny anarany ao amin'ilay boky, milaza ho Kristiana. Milaza ho Kristiana ny olona, izay mifoka, sy misotro, sy miloka, ary miteny vazivazy maloto. Diakona maro eo amin'ilay komity, miaraka amin'ny vady iray, roa, ary telo, sy efatra. Marina izany. Fahafaham-baraka iray toy ny inona! Ireo vehivavy dia mihira ao amin'ilay antoko mpihira, miaraka amin'ny volo tapaka. Hoy ny Baiboly hoe, "Olona iray tsy mendri-kaja izy." Loko eo amin'ny tarehiny! Vehivavy anankiray ihany no hany nandoko ny tarehiny, ao amin'ny Baiboly, Jezebela izany. Nataon'Andriamanitra sakafo ho an'ny alika izy, noho izany dia hitanareo izay Eritreretiny mikasika an'izany. Ary noho izany dia tonga ianareo hiteny amin'izy ireo mikasika an'izany; ny taona manaraka, dia miverina, miharatsy noho ny tamin'ny voalohany izy ireo. Tsy manaja, tsy manana fanajana izy ireo, tsy nisy—tsy misy

fisainan'ny fahamendrehana.

96 Mamelà ahy hiteny zavatra aminareo, vehivavy, vehivavy tanora, ary antitra, ihany koa; izay mivoaka eto manao an'ireny akanjo ireny, ireny akanjo ratsy kely tery ireny, ary sorta. Hoy ianareo hoe, "Tsy tokony hiresaka tahaka an'izany ianao, Rahalahy Branham." Tokony aho. Adidiko izany. Ity dia po—polipitra iray ity.

97 Nanana lehilahy iray aho niantso ahy, vao tsy ela akory izay, iray amin'ireo evanjelista Pentekotista malaza indrindra ato amin'ny firenena. Hoy izy hoe, "Avelao hipetraka tsara ireo olona ireo."

Hoy aho hoe, "Iza moa ianao no miteny amiko mba hamela azy ireo hipetraka tsara?"

98 Hoy izy hoe, "Tiako ianao." Ary hoy izy hoe, "Mivavaka ho an'ny marary no asam-panompoanao."

Hoy aho hoe, "Mitory ny Filazantsara izany, rahalahy."

99 Dia hoy izy, "Jereo, Rahalahy Branham," hoy izy, "nahoana, mino anao ho mpaminany iray ireo olona ireo."

Hoy aho hoe, "Tsy nilaza mihitsy aho hoe izany aho, sa tsy izany?"

100 Hoy izy hoe, "Saingy mino anao ho izany izy ireo. Nahoana ianao no tsy mampianatra an'ireo vehivavy ireo hoe ahoana no handraisana ny Fanahy Masina, ary ahoana no handraisana an'ireo fanomezam-pahasoavana ary manao zavatra, raha tokony hivazavaza azy ireo isan'andro mikasika ny fomba fiakanjon'izy ireo sy izay ataony? Nahoana ianao no tsy mampianatra azy ireo karazana zavatra, mba hanampy an'izany?"

101 Hoy aho hoe, "Ahoana no ahafahako hampianatra alzebra azy ireo nefa tsy hianatra ny ABD-ny akory aza izy ireo?" Fantatrao ve hoe inona ny ABD? Mino an'i Kristy isan'andro. Marina izany.

102 Ankehitriny, ankehitriny ahoana no ahafahanareo hanao an'izany, ahoana no ahafahanareo hanao an'izany? Toy ny hoe misy fanerena eo amin'izy ireo, misy zavatra tsy hamela azy ireo hanao an'izany. Izany no manao an'ilay izy ho Sodoma moderina iray. Izany ilay ora izay itsanganantsika, ireo zavatra mahatsiravina izay miseho ato amin'ny firenena ankehitriny.

Ary hoy izy hoe, "Eny, jereo . . . "

103 Hoy aho hoe, "Tsia, tsy manana fandaharana ho tohanana aho. Tsy manana fiangonana handroaka ahy aho. Tsia, tompoko." Dia hoy aho hoe . . .

Hoy izy hoe, "Izany no adidin'ny pasitera, ny manao an'izany."

Hoy aho hoe, "Saingy tsy manao an'izany izy ireo."

104 Noho izany, dia miankina amin'ny olona iray izany, misy feo iray tokony hiantsoantso manohitra an'izany, satria diso izany. Diso tokoa izany. Fanajana, hajao Izany.

105 Nisy ramatoa tanora iray nilaza tamiko indray mandeha, hoy izy hoe, "Atoa. Branham, tsy manamboatra akanjo hafa afa-tsy ity izy ireo."

106 Hoy aho, "Mbola mivarotra lamba foana izy ireo, ary manana milina fanjairana." Marina izany.

107 Mamelà ahy hiteny zavatra aminareo, ramatoa. Mety ho madio sy mendrika arak'izay mety haha-izy anareo ianareo. Mety ho mendri-kaja amin'ny vadinareo ianareo, ny sakaizanareo lahy, araka izay mety haha-izy anareo. Fa indray andro any, eo amin'ny Hazo Fitsarana, dia hamaly ianareo nohon'ny fijangajangana.

"Raha tsy meloka aho?"

108 Meloka ianareo! Hoy Jesosy hoe, "Na iza na iza mijery vehivavy, hitsiriritra azy dia efa nijangajanga taminy tao ampony sahady." Ary rehefa io mpanota izay nijery anareo tahaka an'izany io, ka nanana an'ireo eritreritra mikasika anareo, tsy maintsy hamaly izy, amin'ny Andron'ny Fitsarana. Ary nahoana izy no nanao an'izany? Nampiseho ny tenanareo teo anatrehany ianareo, niolanolana tao anatin'ny karazana akanjo sy ireo zavatra tahaka an'izany. Marina. Henatra iray izany. Tsy maintsy hanao an'izany ianareo, ramatoa.

109 Ary ianareo lehilahy izay miantso ny tenanareo ho Kristiana, izay tokony hanapaka ny tokantranonareo, nefa mamela ny vadinareo hanao an'izany, mibebaha fa raha tsy izany dia ho levona ny tokantranonareo manontolo!

110 Mety tsy ho tianareo aho aorian'ity, fa hiteny aminareo ny Fahamarinana aho, satria ny—ho afaka amin'ny rà ny tànako rehefa tonga eo amin'ny Hazo Fitsarana aho. Zavatra iray azo antoka izany, hitanareo. Hia. Henoy, rahalahy, misy feo iray foana mandeha miaraka amin'ilay famantarana, fantatrareo, ary tsaratsara kokoa aminareo ny mihaino an'Izany; tsy ny ahy, fa Izany no nolazain'ny Baiboly. Marina izany. Oh, fantatro fa toa lamaody tranainy Izany, fa izany mihitsy no nolazain'ny Baiboly, ary izany no tokony haha-izy antsika.

Tsy maintsy manarona ny tavany ireo Anjely, mba hitsangana eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

111 Ary, ry vehivavy, rehefa nilaza ny Baiboly hoe, "Zavatra tsy mety, na zavatra ratsy, ho an'ny vehivavy mihitsy aza ny mivavaka miaraka amin'ny volony tapaka." Tsy manana zò hivavaka izy, nefa ianareo mampiditra azy ao amin'ny antoko mpihira ary manao azy ho mpitory teny iray mihitsy aza. Marina izany.

112 Fantatro fa manao anareo harary kely izany. Saingy, fantatrareo, tahaka ny notenenin'i neny tamiko taloha, mikasika ny fakàna menaka castor hoe, "Raha tsy manao anao haharary ilay izy, dia tsy hahasoa anao mihitsy." Tahaka an'izany koa ny Filazantsara. Tsy maintsy mitondra anareo hieritreritra izany. Izany no Fahamarinana. Lehilahy sy vehivavy, izy roa, meloka izy roa, ny andaniny roa, enina ny iray ary antsasaky ny roa ambin'ny folo ilay hafa.

113 Eo marina tokoa no itsanganantsika, tsy misy manaja, tsy mampaninona izay lazain'ny Teny. "Eny, mety tsara izany. Mino aho fa mety tsara izany." Manombatombana ianareo fa mety tsara izany. Nilaza ny Baiboly fa ratsy izany! Ary ny *manombatombana dia* "sahisahy tsy misy fahefana." Tsy manana ny fahefan'Andriamanitra hanao an'izany ianareo.

114 Ireo seminera sy sekoly sy ny sisa, ireo izay tsy miraharaha an'ireo zavatra ireo tahaka an'izany, dia fahafaham-baraka izany. Mametraka lehilahy tanora, mpitoriteny tanora, eo amin'ny làlan-diso izany, mitondra azy ireo mankany amin'ny karazana teolojia nataon'olona raha tokony ho ny Tenin'Andriamanitra. Tsy mahagaga raha tsy afaka mino Hafatra iray tena marina izy ireo, tsy mahagaga raha tsy afaka manana an'Ireto zavatra ireto ao am-piangonana izy ireo, tsy mahagaga raha tsy maintsy mametraka Azy any ivelany izy ireo amin'ny andro farany, tsy misy fanajana eo amin'Ny Fanatrehany. Afaka hidina Ny Fanatrehany, hihomehy izy ireo sy hanapoapoaka siligaoma, handehandeha manodidina ary hanao hadalana tahaka ny tsy fantatro hoe inona, tsy misy fanajana intsony mihoatra noho ny inona na inona, eo amin'Ny Fanatrehany. Ankehitriny, ankehitriny dia tsy misy fanajana, mihitsy, ho an'Andriamanitra na ny Olony.

115 Nahoana, nahoana izy ireo no manao an'izany? Henoy tsara ankehitriny. Nahoana izy ireo no manao an'izany? Tsy tonga saina ny amin'Ny Fanatrehany izy ireo. Tsy mihevitra izy ireo fa Andriamanitra izany.

116 Mihevitra ve ianareo fa io vehivavy io dia manana tokoa . . . na io miaramila io dia ho namely Azy teo amin'ny tava, sy ho nametraka vorodamba iray nanodidina ny Tavany ary nikapoka Azy teo amin'ny loha, ka nanao hoe, "Ankehitriny raha mpaminany Ianao, dia teneno aminay hoe iza no nikasika Anao"? Raha fantatr'io lehilahy io fa Andriamanitra no nokapohiny, dia mihevitra ve ianareo fa ho nanao an'izany izy? Mihevitra ve ianareo fa ilay miaramila mamo dia ho nisintona volombava teo amin'ny Tavany, sy nandrora teo amin'ny Tavany, tamin'ny fanadiovan-tenda ka nandrora teo amin'io tava io, raha fantany fa ny Zanak'Andriamanitra io? Tsy tonga saina ny amin'izany izy.

117 Ary ankehitriny, izay antsoin'ny olona hoe andiana fanatika,

tsy tonga saina izy ireo fa izany no Fanahy Masina miasa ao anatin'ireo olona ireo. Ary milamindamina fotsiny amin'ny zavatra rehetra; tsy tonga saina ny amin'izany, tsy tonga saina ny amin'Ny Fanatrehany. Fantatrareo, araka ny fiteny taloha . . . Hoy ny sasany amin'izy ireo hoe, "Mandeha mankany amin'ny fivoriana aho ary mihomehy, mandeha mankany amin'ny fivoriana hahita fahadisoana." Voalaza fa ireo adala dia handeha amin'ny kiraro misy fantsika eo amin'izay atahoran'ny Anjely hitsahina. Tsy tonga saina ny amin'Andriamanitra, izany ilay antony.

118 Nahoana ianareo no tsy tahaka an'i Davida? Hoy Davida hoe, "Ataoko eo anatrehako mandrakariva Izy." Izany no antony nilazany hoe, "Tsy hihozongozona aho," satria eo anatrehany mandrakariva Andriamanitra. Eny, tompoko.

119 Ankehitriny, faharoa, nanarona ny tongony izy ireo. Inona, "Nanarona ny tongony izy ireo," ny dikany? Fanetre-tena. Manarona ny tavany dia midika fanajana eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Manarona ny tongony dia fanetre-tena eo amin'Ny Fanatrehany.

120 Tahaka an'i Mosesy teo amin'Ny Fanatrehany, nanala ny kirarony, nampiseho ny tongony.

121 Paoly rehefa nahita an'i Jesosy, ilay Andry Afo, dia lavo tamin'ny tany izy, niala tsy teo amin'ny tongony. Teo amin'ny toerana tokony nisy ny tongony, dia nanana ny tavany izy, fanetre-tena.

122 Jaona Mpanao-batisa, ilay mpaminany lehibe, ilay voalohany teo amin'ny firenena tao anatin'ny efajato taona, fa hoy izy hoe, "Tsy mendrika ny hikasika ny Tongony aho, hamaha ny tady eo amin'ny Kapany."

123 Hitanareo, ilay teo amin'ny tongony, nanarona, dia midika fanetre-tena. Diniho ity mpanompo ity ankehitriny eo anatrehan'Andriamanitra: voasaron'ny fanajana ny Tavany, voasaron'ny fanetre-tena ny Tongony, eny, ary tena tonga saina ny amin'ny . . . Aoka ho tena tonga saina ny amin'ny fahakelezanareo.

124 Isika rehetra dia miezaka ny ho olona goavana iray. "Izaho no Dokotera *Ranona-sy-ranona,* ilay *Ranona-sy-ranona* malaza an'i Izao-sy-izao." Tsinontsinona ianareo. Marina izany. Izany fotsiny dia . . . Tsinontsinona ianareo. Raha te-hahafantatra ianareo hoe lehibe toy ny ahoana ianareo, dia apetraho ao anaty dobon-drano iray ny rantsan-tànanareo dia sintony izy, ary jereo ilay lavaka izay nametrahanareo azy. Hitanareo? Tsy misy na inona na inona ao. Ary izany isika. Afaka manao tsy misy antsika Andriamanitra, fa isika tsy afaka manao raha tsy misy Azy. Iza ianareo? Hitanareo?

125 Aoka ho tonga saina ny amin'ny hoe kely toy ny ahoana ianareo. Ny làlana miakatra dia midina. "Izay manetry ny tenany no hasandratra; izay manandratra ny tenany no haetry."

126 Vao tsy ela akory izay dia nasaina nankany Chicago aho, avy amin'ny vondron'olo-masina iray, mba hiresaka. Mpitoriteny Pentekotista malaza iray tany niaraka tamin'ny diplaoma teo amin'ny efatra teo tao amin'ny kolejy, sy ny sisa, ary tsy tiany ny fomba fiteniko kely miana-miteny teo anatrehan'ilay filan-kevitra lehibe izay nataon'izy ireo, noho izany dia naka lehilahy iray avy tamin'ny sekoly Biblika malaza iray izy tany, mba ho tonga, sekoly Biblika malazan'i Chicago, hanao ny fitenenana. Ary nilaza an'izay hataony ilay lehilahy ankehitriny hoe, "Tongava eo ary ambanio ireo olona ireo, ho an'ny saiky ny zavatra rehetra azony eritreretina, ny amin'ny hoe diso toy ny ahoana izy ireo ny amin'ny finoana fa nisy Fanahy Masina iray sy io karazan-javatra rehetra tahaka an'izany io," teo anatrehan'ny vahoaka Pentekotista. Nanatona teo izy niaraka tamin'ny tratrany nibontsina, sy ny—ny vozon'akanjo mivadika, nanao tahaka ny palitao sy pataloha tuxedo iray, nandahatra an'ireo naotiny rehetra teo amin'ny lampihazo. Namboarina tena ara-pahaizana ilay izy hany ka afaka nanazava fotsiny ny Baiboly izy, nefa tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany Andriamanitra.

127 Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, ianareo. . .Hitany fa tsy nety tamin'ny olona izany. Nanohy nilaza zavatra iray hafa tahaka an'izany izy, ary nipetraka fotsiny izy ireo sady nifampijery. Tsy nety tamin'ireo karazan'olona ireo ilay izy, ireo Pentekotista ireo. Noho izany afaka kelikely dia hitany fa resy izy, ary nataony teo ambanin'ny sandriny ny entany, niala teo amin'ny lampihazo, niondrika ny lohany, nanjoko. Olo-masina antitra iray nipetraka teo amin'ny rindrina, nanao hoe, "Raha niakatra tahaka ny nidinany izy, dia ho nidina tahaka ny niakarany." Ary ilay izy dia saiky tahaka an'izany, ihany koa.

128 Aetreho ny tenanareo, jereo hoe ahoana no ahafahanareo ho kely; tsy hoe izay fantatrareo, izay tsy fantatrareo. Aoka hietry eo anatrehan'ny Andriamanitra ny tenanareo.

Ankehitriny dia hitantsika, fahatelo, afaka nanidina tamin'ireo elatra roa hafa Izy.

129 Diniho ankehitriny, voalohany, Izy, teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, dia nanaja Izy, niaraka tamin'ny Tavany nisarona. Faharoa, nanetry tena teo anatrehan'Andriamanitra Izy, niaraka tamin'ny Tongony nisarona. Ary ny Elany roa manaraka, afaka nanidina Izy, nametraka Azy tao amin'ny hetsika. Oh, oadray!

130 Inona no nataon'Andriamanitra? Nasehony tamin'ilay mpaminany hoe tokony ho toy ny ahoana ny Mpanompony voaomana. Nasehon'ilay Andriamanitra hoe, "Ireo no

Mpanompoko. Ahy ireo. Jereo hoe ahoana no nanomanana azy ireo; manaja, manetry tena, ary mihetsika." Tahaka an'izany ireo mpanompon'Andriamanitra. Oh, oadray!

131 Tokony ho tahaka an'izany isika: manaja ny Tenin'Andriamanitra, manetry tena, ary mihetsika ho an'Andriamanitra.

132 Tahaka an'ilay vehivavy rehefa nantsoina hihetsika izy, tonga, rehefa nilaza izy hoe, "Avia, hijery Lehilahy iray Izay niteny tamiko an'izay nataoko."

133 Nahataona azy ny Famantarany, hoe Izy no Mesia. Hoy izy hoe, "Tompoko, fantatray, rehefa ho avy ny Mesia . . . Ankehitriny, tsy maintsy ho mpaminany iray Ianao. Fantatray, fa rehefa tonga ny Mesia, dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra ireo."

134 Hitanareo, nanantena Azy izy hanao hoe, "Eny, ho avy tsy ho ela ny Mesia; mialoha làlana Azy fotsiny Aho." Fa hoy Izy hoe, "Izaho no Izy."

135 Izany no nanao azy hihetsika izao ankehitriny izao. Niditra tao amin'ny hetsika izy. Tsy afaka hanakana azy ianareo. Izany dia tahaka ny trano iray nirehitra, araka ny nolazaiko indray hariva, tao anaty rivotra mahery. Tsy afaka hanakana azy ianareo. Nandeha nankany an-tanàna izy, "Avia, hijery Lehilahy iray Izay niteny tamiko an'ireo zavatra izay nataoko. Tsy izao ve no Mesia?" Hitanareo? Nihetsika izy.

Inona no nataony? Nanatona izy, voalohany, nanetry ny tenany.

"Itondray Aho ho sotroina."

136 Hoy izy, "Nahoana, ny razanay dia nisotro avy tamin'ity fantsakana ity," sy ny sisa. Ary—ary izy . . .

137 Hoy Izy hoe, "Eny, Izaho hanome anao Rano ho sotroina; tsy mila tonga eto ianao."

Izy, "Tompoko, Tompoko, omeo ahy izany Rano izany."

138 Hitanareo, nanetry tena mikasika an'izany izy. Ary rehefa nanetry ny tenany izy, tamin'izay fotoana izay dia nasehon'i Jesosy taminy ilay famantaran'ny Mesia, ary izany no nanao azy hihetsika. Vonona ny handeha izy tamin'izay, vonona ny hiteny amin'ny olona rehetra izay nifandray taminy. Hitanareo?

139 Raha ny marina, araka ny fombafomban'ny firenena Tatsinanana, dia tsy ho nihaino an'io vehivavy io mihitsy ireo lehilahy ireo. Ny vehivavy tahaka an'izany dia tsy mahazo miteny eo anivon'ny olona. Tsy nahazo tokoa izy. Tsy afaka milaza na inona na inona izy. Saingy manandrana hanakana azy ve ianareo? Nihetsika izy. Tsy maintsy niteny tamin'ny olona iray izy hoe, "Avia eto ka ianao ihany no aoka hahita. Niteny tamiko an'izay nataoko ilay Lehilahy. Tsy izany ve no nandrasantsika?

Tsy izany ve no lazain'ny Soratra, hoe ny Mesia, rehefa tonga Izy, dia hanao an'izany Izy?" Nihetsika izy satria nanetry tena, ary niditra tao aminy Andriamanitra.

140 Petera, rehefa nandray Ny Teniny izy. Rehefa nanarato nandritra ny alina manontolo izy, satria mpanjono iray izy tany, ary niditra izy, kivy, tsy nisy trondro. Ny mpanjono mahay rehetra dia mahafantatra hoe inona izany, tsy nahazo trondro. Noho izany, ny zavatra voalohany, dia nanasa an'ireo haratony izy, nametraka azy ireo teo amin'ny morona, ary namela azy ireo ho maina.

141 Ary tonga Jesosy ka nangataka mba hindrana ny sambony. Nitory teny Izy. Avy eo dia hoy Izy hoe, "Simona, mandrosoa any amin'ny lalina ary arotsahy ny harato fanjonoana. Miverena avy hatrany amin'izay nanaratoanao, nandritra ny alina manontolo. Miverena avy hatrany any amin'izay niasanao mafy, ora sy ora, ary arotsahy ny harato hanjonoana trondro betsaka, fahazoana lehibe."

142 Jereo ankehitriny. Hoy izy hoe, "Tompo, efa niasa mafy nandritra ny alina manontolo izahay fa tsy nahazo na inona na inona. Fa nohon'Ny Teninao, Tompo, dia halatsako ny harato. Nohon'Ny Teninao!" Izay ilay izy, raiso amin'Ny Teniny Andriamanitra. Ary rehefa nandatsaka ny harato izy, dia nahazo trondro betsaka hany ka nanomboka triatra ilay harato.

143 Izany no nanao azy hihetsika. Eny, tompoko. Ny fitaoman'i Jesosy teo aminy no nanao azy hihetsika, ka nalatsany ny harato. Ary hoy Jesosy hoe, "Aza matahotra, manomboka izao dia hahazo olona ianao."

144 Ary ilay lehilahy jamba, rehefa sitrana izy, nipetraka teo amin'ny vavahady ary . . . na nipetraka teo an-dalàmbe. Ary hoy ireo Fariseo hoe, "Ny olona rehetra izay nanambara Azy, na nanana zavatra natao Taminy, dia horoahina hiala amin'ny tempoly."

145 Izy ireo, tonga izy ireo, nanontany an'ilay ray sy reny. Hoy izy ireo hoe, "Efa lehibe izy; anontanio izy."

Hoy izy hoe, "Lehilahy, antsoina hoe Jesosy, no nanasitrana ahy."

146 Hoy izy ireo, "Mpanota izany Lehilahy izany. Tsy anisan'ny vondronay Izy. Tsy fantatray hoe avy taiza Izy. Derao Andriamanitra!"

147 Hoy izy hoe, "Ankehitriny, na mpanota Izy na tsia, tsy fantatro." Hoy izy hoe, "Fa izao zavatra iray izao no fantatro; hoe jamba aho fahiny, afaka mahita aho ankehitriny." Ary hoy izy, "Ilay zavatra mahatsikaiky dia, amiko, hoe ianareo no natao ho mpitarika ara-panahy amin'izao ora izao, ary io Lehilahy io no nanokatra ny masoko, kanefa tsy fantatrareo izay Nihaviany." Inona no nataony? Nihetsika izy. Marina izany. Izany no nanao

azy hihetsika, satria nanely ny Lazany nanerana ny firenena rehetra izy.

148 Ny olona, tamin'ny Andron'ny Pentekosta, rehefa niteny tamin'izy ireo Jesosy mba hiandry tany, ary izy ireo dia ho... Tonga teo, ary rehefa nidina teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina tamin'ny Andron'ny Pentekosta, dia voataonan'ny Tenin'Andriamanitra tonga voaseho izy ireo. Tsarovy ankehitriny, hoy Jesosy hoe, "Miandrasa any Jerosalema mandra-panafy anareo ny Hery avy any amin'ny Avo." Niandry izy ireo, tsy valo andro, tsy sivy andro; niandry folo andro izy ireo, mandra-pahatongan'ny teny fikasana ho tonga voaseho. Ary nilatsaka ny Fanahy Masina ka nizarazara ny Tenany, ary nisy lela Afo nipetraka teo ambonin'ny tsirairay avy tamin'izy ireo.

149 Ary raha mbola voataonan'ny Fanahy Masina izy ireo, dia nihetsika, nivembena tahaka ny olona mamo, nihiakiaka, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, nandeha teny an-dàlambe izy ireo.

Hoy izy ireo hoe, "Feno divay vaovao ireo lehilahy ireo."

150 Izy, Petera, nitsangana, ka hoy izy hoe, "Izao no Izay nampilazaina ny mpaminany, Joela hoe, 'Ary izao no hiseho amin'ny andro farany.'" Inona no nataony? Nanao azy hihetsika izany.

151 Hanao anareo hihetsika izany, raha tsy manana Azy ianareo, hanao anareo hihetsika Izany rehefa hitanareo fa tanteraka ny Tenin'Andriamanitra. Izay hitantsika amin'izao andro farany izao, dia tokony hanao antsika hihetsika. Tokony hanao izany, raha manao an'izany amin'ny fanajana sy fanetre-tena fotsiny isika. Ny Andry Afo teo anoloan'i Paoly, no nanao azy hihetsika. Ary amin'izao andro izao rehefa mahita an'io Andry Afo iray ihany io isika, amin'ny alàlan'ny siansa, amin'ny alàlan'ireo Vokany, amin'ny alàlan'izay Nampanantenainy, manao ny Teny amin'izao andro farany izao hiseho marina tokoa, dia tokony hanao antsika hihetsika izany. Fa, efa nomena ilay famantarana hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma, talohan'ny nandorana an'i Sodoma mihitsy, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona; ho voaseho indray Izy, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Tokony hanao ny mambran'ny Vatan'i Kristy tsirairay hihetsika izany, mampiditra ny zavatra rehetra izay vitanareo, satria izao no ora farany, izany no antso farany, antso farany. Teny amin'ny teny, efa tanteraka Izany. Tena tokony hanao antsika hihetsika tokoa izany.

152 Isika, tahaka ny mpaminany, dia efa nahita ny fiafaran'ireo anaram-piangonana nanandra-tena nahavery ny toerany ao amin'i Kristy, nahavery ny fihazonany Ny Teniny, nanaiky fanekem-pinoana. Ary hitantsika izay nitranga tamin'izy ireo rehefa nanao an'izany izy ireo, maty ara-panahy izy ireo.

Hitantsika izay nitranga tamin'ny Loterana rehefa nandà ny antson'i Wesley izy ireo. Hitantsika izay nanjo ny Metodista rehefa nandà ny antson'ny Pentekotista izy ireo. Ankehitriny dia ahoana ny amin'ireo Pentekotista? Hitanareo?

153 Nahita olona nanandra-tena isika, tahaka an'i Ozia, izay niezaka naka ny toeran'ny asa voahosotra iray. Ny asan'ny lehilahy iray ao amin'ny fiangonana dia voahosotra, fa tsy tendrena. Voahosotra izany. Ny fiangonana, ny. . .ny pasitera, ny evanjelista, ny mpaminany, ny apostoly, dia tsy maintsy ho asa voahosotr'Andriamanitra, fa tsy nofidin'olona. Niezaka nifidy an'io andraikitra io ny olona indray mandeha, dia nanao antsapaka ho an'izany izy ireo; tsy nanao na inona na inona mihitsy i Matia mahantra, fa Andriamanitra nifidy an'i Paoly ary nanao zavatra izy satria voahosotra. Ary efa hitantsika ireo mpiasa telo ireo niezaka nilaza hoe, "*Ity* no eveka masina *izao-sy-izao, ity* no olon'ny fanjakana *izao-sy-izao*, *ity* no olona *izao-sy-izao*," tsy midika na inona na inona mihitsy izany. Fa rehefa tonga Andriamanitra ka mifehy, amin'izay fotoana izay dia hitantsika ny hosotry ny Fanahy Masina manamarina ny Tenin'Andriamanitra.

154 Ankehitriny, ireo fiantraikan'ny fahitana teo amin'ilay mpaminany, inona no nataon'izany tamin'ity lehilahy izay teraka ho mpaminany ity? Tsarovy, izy no nanoratra ny Baiboly manontolo. Misy enina amby enimpolo ny Bokin'i Isaia, ary enina amby enimpolo ny Bokin'ny Baiboly. Manomboka, ohatra ao amin'ny Genesisy; eo afovoan'ny Boky dia tonga ny Testamenta Vaovao, Jaona Mpanao-batisa; ary mifarana amin'ny Arivo taona. Mpaminany lehibe, iray amin'ireo mpaminany lehibe indrindra izay hany nananantsika, dia i Isaia, ary teraka ho izany izy.

155 Fa rehefa nitsangana teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy, dia inona no nampanaovin'izany an'ilay mpaminany? Hoy ilay mpaminany hoe, "Lozako, fa lehilahy maloto molotra aho." Ny tonga eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, ary mahita fanak'Andriamanitra iray voahosotra marina tokoa, izany no nahatonga mpaminany iray hiaiky fa mpanota izy. Tokony tahaka an'izany no ataon'ilay izy amintsika, Tokony izany, ny Fanatrehan'Andriamanitra voahosotra. Rehefa nahita an'io Anankiray io niantsoantso Izy, ary nihozongozona ireo andry, ary nandeha nandroso sy niverina ireo Anjely ireo, nanaporofo fa teo anatrehan'Andriamanitra Izy ireo, ary Izy ireo dia mpanompon'Andriamanitra, voahosotra, ary niantsoantso Izy ireo; mpanota iray izy.

156 Inona no nitranga avy eo rehefa vonona izy? Henoy ankehitriny, eo am-pamaranana, vonona ny hiaiky izy fa mpanota iray, "Lozako, fa lehilahy maloto molotra aho, ary mitoetra eo anivon'ny olona maloto molotra. Lozako!" Tamin'izay fotoana izay dia nalain'ilay Anjely ny tandra ka

naka vainafo teo amin'ny alitara, nihazona an'izany teny an-Tànany, ary tonga ka nanadio azy tamin'izany. Avy eo dia tonga ny fanadiovana, taorian'ny fiaikeny.

157 Ankehitriny raha mpaminany iray, nantsoina, nohamarinina ho mpaminanin'Andriamanitra, eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, nahita ny fahakelezany, no vonona hiaiky fa mpanota izy, dia inona no tokony hataoko sy ianareo? Fa fantatrareo ve izay ataontsika? Manodina ny lohantsika, dia lasa ary mihomehy. Eo no itsanganantsika, mandrapahatongan'ny fanadiovana. Jereo, Isaia . . .

158 Tiako ianareo hanamarika zavatra hafa. Tsy nampiasa boky sy teolojia Andriamanitra, voambolana teolojika, mba hanadiovana ny Mpanompony. Afo no Nampiasainy. Tsy nampiasa fanekem-pinoana mihitsy Izy mba hanadiovana ny Mpanompony. Naka Afo teo amin'ny alitara Izy. Ary raha hany nanadio olona iray Andriamanitra amin'izao andro izao, dia tsy maintsy ho ny Afon'ny Fanahy Masina no manadio olona iray; tsy famakiana boky iray sy fanaovana an'*ity,* na boky hafa an'*izao-sy-izao*.

159 Nilaza ny mpitoriteny malaza anankiray eto California, indray andro, fa izy dia nanana "ny bokin'ny taona." Tsy mifanaraka aminy aho. Ny bokin'ny taona dia ny Baiboly, efa izany foana. Ny Bokin'ny taona dia Bokin'Andriamanitra, isan'andro.

160 Ary nampiasa Afo Andriamanitra mba hanadiovana ny Mpanompony. Avy eo dia nanaraka izany, rehefa avy niaiky ampanetre-tena fa diso izy, ary avy eo dia tonga ny fanadiovana; ary taorian'ny fanadiovana, dia tonga ny fanirahana. Hitanareo, izany ilay olana, ny sasany amintsika dia miezaka ny ho voairaka alohan'ny hanadiovana antsika. Hitanareo? Hilaza isika hoe, "Eny, hanaraka an'*ity* aho." Tsy maintsy manaraka an'Andriamanitra isika. Nanao zavatra anankiray ireo Anjely ireo, niaina tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra; manetry tena, manaja, ary mihetsika eo anatrehan'Andriamanitra. Avy eo dia nanaraka, ny fanirahana; aorian'ny fiaikena sy ny fanadiovana, tamin'izay i Isaia madio vao niantsoantso hoe, "Inty aho; iraho aho."

161 Oh, rahalahy, ranabavy, raha mba nisy fotoana iray tokony hahatongavan'ireo Isaia ao an-tranon'Andriamanitra ho an'ny fanadiovana! Raha mba nisy fotoana iray tokony hahatongavan'ny mambram-piangonana marina tokoa ka hiaiky ny fahotany! Raha mba nisy fotoana iray ho an'ny mpiverindàlana!

162 Eritrereto fotsiny, tamin'ny alina izay nandorana an'i Sodoma, manontany aho hoe firy ny olona nanalavitra ny hafatr'ireo Anjely ireo? Manontany aho hoe firy ny olona izay tsy liana loatra hihaino ny feon'Izy ireo? Ary levona tamin'io alina

io ihany izy ireo, ary tsy hisy intsony, afa-tsy ny famaizana azy ireo ao amin'ny helo.

163 "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa." Firy ny olona nihomehy azy sy naneso azy, ary tonga teo fotsiny mba hihaino azy, nanao hoe, "Hiakatra isika ary hihaino an'ilay antitra masiaka mivazavaza indray, mba hahazo lalao iray." Mitsangana, lasa, tsy te-hihaino azy mitory teny akory aza. Ny karazan-javatra rehetra; ary levona tao amin'ireo fitsarana izay notoriany izy ireo.

164 Amosa, ilay mpitory teny kely, nahafantatra . . . tsy avy taiza na taiza, mpaminany iray, nanosotra, tonga ary nijery tany Samaria tamin'io fotoana io. Namiratra ny lohany sola, ny volombavany antitra fotsy, rehefa niakatra teo amin'ny havoana izy. Nijery teo izy, nihatery ireo masony masina raha nijery an'io tanàna io izy, tsy tahaka an'ireo mpizaha tany izay tonga avy tany amin'izao tontolo rehetra izao. Satria, ireo mpisorona, izy rehetra, dia nanota, ary ireo mpaminany sandoka dia niteny tamin'izy ireo fa mety tsara izany. Nandeha tany izy tsy nisy fiaraha-miasa ho an'ny fifohazany. Nandeha tany izy tsy nisy na inona na inona, ary nihiakiaka. Ary hoy izy hoe, "Ilay tena Andriamanitra mihitsy, izay lazainareo fa tompoina, no handringana anareo."

165 Ary milaza aho HOY NY TOMPO HOE: ilay Andriamanitra, izay lazain'i Amerika fa tompoina, no handringana azy. Raiso amin'izay itiavanareo azy izany. Ny ilaintsika, dia ny mandohalika eo amin'ny alitara, Isaia. [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

Ary hoy Andriamanitra hoe, "Iza no handeha ho Ahy?"

166 Hoy Isaia hoe, "Inty aho; iraho aho." Mieritreritra an'izany hira izany aho:

> Rehefa nikasika an'ilay mpaminany ny vain'Afo,
> Nanao azy hadio araka izay azo atao,
> Rehefa hoy ny Feon'Andriamanitra hoe, "Iza no handeha ho anay?"
> Dia namaly izy hoe, "Tompo, inty aho, iraho aho."

167 Voalohany dia tsy maintsy nanetry ny tenany sy nodiovina izy, ary vonona tahaka ny nahitantsika an'ilay mpanompo voaomana. Jereo i Ozia hoe ahoana no nanomanana azy, saingy tsy nahomby izy. Aza mametraka . . .

168 Hoy ianareo hoe, "Eny, ankehitriny, fantatro fa lehilahy tsara iray i Dokotera *Ranona-sy-ranona*. Fantatro Rahalahy *Ranona-sy-ranona*." Mety ho izany izy ireo, fa aza mijery an'izany.

169 Jereo *eto* ambony eto, hitanareo, *ity* no Làlana. Manana Fomba iray hanomanana Andriamanitra. Ahoana no Nanaovany an'izany? Tamin'ny Andron'ny Pentekosta, dia niteny tamin'izy ireo an'izay hatao i Petera. Nanoratra taratasim-panafody ho

azy ireo izy, ary mijanona tsy miova foana izany. Aza ovaina Izany, hamono ny mararinareo ianareo.

Hoy izy ireo hoe, "Inona no azonay atao mba ho voavonjy?"

170 Hoy izy hoe, "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny famelàna ny fahotanareo, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina. Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ny zanakareo, ary ho an'ireo izay lavitra, arak'izay hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika."

171 Eto mihitsy izany izao hariva izao. Raha mbola miantso foana Andriamanitra, dia izany ilay taratasim-panafody. Mbola afaka mandray foana an'ilay Fanahy Masina iray ihany izay noraisin'izy ireo tany ianareo, izao fotsiny...Afaka mandray an'ilay zavatra iray ihany ianareo izao hariva izao. Manaraha hatramin'ny farany fotsiny. Izay ihany no ataonareo. Eny, avy eo dia afaka milaza ianareo hoe:

Rehefa nikasika an'ilay mpaminany ny vain'Afo,
Nanao azy hadio araka izay azo atao,
Rehefa nilaza ny Feon'Andriamanitra hoe, "Iza no handeha ho anay?"
Dia namaly izy hoe, "Tompo, inty, iraho aho."

Ndao isika hihira an'izany.

Mitenena, ry Tompoko, mitenena, ry Tompoko,
Mitenena, dia ho haingana aho hamaly Anao;
Mitenena, ry Tompoko, mitenena, ry Tompoko,
Mitenena, dia hamaly aho hoe, "Tompo, iraho aho."

172 Henoy eto, rahalahy.

Misy an-tapitrisany ankehitriny no ao anatin'ny fahotana sy henatra, eo am-pahafatesana,
Oh, henoy ny fitarainany mampalahelo sy mangidy;
Faingàna, ry rahalahy, faingàna hamonjy azy ireo;
Mamalia haingana ankehitriny hoe, "Tompo, inty aho."

Oh, mitenena, ry Tompoko, mitenena, ry Tompoko,
Mitenena, dia ho haingana aho hamaly Anao;
Oh, mitenena, ry Tompoko, mitenena, ry Tompoko,
Mitenena, dia hamaly aho hoe, "Tompo, iraho aho."

173 Ndao isika hanondrika ny lohantsika. [Misamonomonona ny *Mitenena, Ry Tompoko* Rahalahy Branham—Mpand.]

Nanao azy hadio araka izay azo atao,
Rehefa nilaza ny Feon'Andriamanitra hoe, "Iza no handeha ho anay?"
Dia namaly izy hoe, "Tompo, inty, iraho aho."

Te-hanetry tena sy hadio ve ianareo?

Mitenena, ry Tompoko, mitenena, ry Tompoko,
Mitenena, dia ho haingana aho hamaly Anao;
Mitenena, ry Tompoko, mitenena, ry Tompoko,
Mitenena, dia hamaly aho hoe, “Tompo, iraho aho.”

174 Raha mbola mitendry izy ireo ankehitriny, misy Isaia anankiray ve ato izao hariva izao, na zato, izay te-handeha, mila ny fanadiovan’Andriamanitra eo amin’ny fiainanareo? Ianareo izay tsy mahafantatra an’i Kristy ho Mpamonjy anareo, dia asaina ianareo ankehitriny ho eto amin’ny alitara, raha miresaka amin’ny fonareo Izy. Tsy dia mandresy lahatra loatra aho. Heveriko fa ny Fanahy Masina Izy tenany no manao ny fandresen-dahatra. Fa raha eto ianareo, ary tsy manana an’i Kristy . . . Tsarovy ankehitriny, hamaly ianareo amin’ny Andron’ny Fitsarana, ny amin’izay anaovanareo an’ity izao hariva izao ity. Hitanareo? Ankehitriny raha-te ho avy ianareo, dia eto aho hivavaka miaraka aminareo.

175 Amin’ny Anaran’i Kristy, no anolorako anareo ny fanararaotra ho avy, hitady an’Andriamanitra, ary afaka hahita Azy am-pahasambarana ianareo. Olona tanora, olona antitra, antenatenan-taona, mambram-piangonana, na iza na iza ianareo; raha ny Afon’Andriamanitra, amin’ny alàlan’ny Fanahy Masina, no tsy nanadio anareo tao am-ponareo, hatreo amin’ny toerana izay inoanareo ny Teny tsirairay an’ity Baiboly ity, ary Kristy dia vavolombelona velona an’ny . . . ao am-ponareo, hoe nitsangana tamin’ny maty Izy, amin’izay fotoana izay dia manasa anareo ho eto amin’ny alitara aho. Avia eto ary avelao izahay hivavaka miaraka aminareo. Mino anareo rehetra, arak’izany, eo amin’ny hetsikareo manokana, fa voavonjy ianareo.

176 Noho izany, misy mpiverin-dàlana iray ve ato izay te-ho avy? Manontany anareo aho, amin’ny maha-mpanompon’i Kristy, raha hanatona eto ianareo ka hamela anay hivavaka hiaraka aminareo. Tsy milaza aho fa hamerina anareo Izy; mino aho fa hamerina Izy. Tsy ho avy ve ianareo hanandrana an’izany ankehitriny? Raha miresaka aminareo Izy, dia avia.

177 Ireo tsy manana ny batisan’ny Fanahy Masina? Manombatombana aho fa tsy misy iray eto izay, izay tsy niverin-dàlana. Ny tsirairay, arak’izany, dia tsy maintsy ivavahana; Kristiana, ary ivavahana. Ary noho izany raha ivavahana ianareo, ka tsy manana ny batisa, ary tianareo ny hanomezan’Andriamanitra an’Izany ho anareo, dia fanararaotranareo izany amin’izay fotoana izay, ankehitriny.

178 Misy lehilahy anankiray ato izay tsy manana an’Izany. Hotahiana anie ny fony manetry tena. Matoky aho fa Isaia iray hafa izany.

Atrakao àry ny lohanareo ankehitriny.

179 Misy lehilahy anankiray miankohoka eto amin'ny alitara, anankiray izay atokisako fa Isaia iray.

Ankehitriny dia eto Izy. Mino ve ianareo fa eto Izy?

180 Ankehitriny dia hoteneniko aminareo izay nataonareo. Nanao ny zavatra mahatsiravina indrindra izay hany nataonareo ianareo. Misy olona roa na telonjato eto izay tokony ho eto amin'ny alitara.

181 Mamelà ahy haneho aminareo, amin'ny Anaran'ny Tompo, fa marina aho amin'izay lazaiko. Jereo. Ny sasany aminareo olona eto, mivavaha.

182 Indro, indro mipetraka eto ny ramatoa iray manao palitao fotsy, lobaka kely fotsy, mijery ahy mihitsy. Izaho tsy afaka . . . Kristiana iray izy. Fa mivavaka ho an'ny fahalemena iray izy. Tratry ny aretin-kozatra izy. Mino ve ianao fa afaka hanao anao ho salama Andriamanitra, hanasitrana anao? Noho izany dia afaka mahazo an'izany ianao.

183 Ilay lehilahy manaraka, mipetraka eo akaikinao eo, dia misy zavatra tsy mety amin'ny sofiny. Mino ve ianao fa afaka manasitrana ny aretin-tsofinao Andriamanitra, tompoko, ary hanao anao ho salama? Eny. Atsangano ny tànanao raha mino ianao.

Ankehitriny aoka hanaja azafady, vetivety fotsiny.

184 Ilay lehilahy eo akaikiny dia mijaly amin'ny aretim-po. Mino ve ianao fa afaka manasitrana anao Andriamanitra, tompoko, amin'ny aretim-po? Tsy mahafantatra anao aho. Vahiny amiko ianao. Marina ve izany? Vahiny iray ianao. Eny, henoy. Raha hiteny amiko Andriamanitra hoe iza ianao, dia hanampy anao ve izany? Afaka mandre ahy tsara ve ianao? Ny anaranao dia Atoa. Blackwood. Mino ve ianao fa afaka miteny amiko Izy hoe avy aiza ianao? Avy any Riverbank ianao, California. Raha marina izany, dia mitsangàna. Tsy mbola nahita azy mihitsy aho, teo amin'ny fiainako. Eny àry.

185 Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Ny finoanao no nanao anao ho salama. Io ramatoa mipetraka eo akaikinao io, dia tratry ny aretin'ny fikorontanan-tsaina. Tianao ve ny ho sitrana amin'ny fikorontanan-tsainao? Atsangano ny tànanao, raha tianao. Apetraho eo aminy ny tànanao, ramose, mba ho sitrana izy.

186 Ilay ramatoa mipetraka eo akaikinao, ankehitriny, dia tratran'ny diabetan-tsiramamy, manao akanjo mena. Izy dia te-hivavahana, ihany koa. Hitanareo? Te-hivavahana izy. Manàna finoana.

187 Indro misy ramatoa mipetraka eto aoriana eto. Vonona ho an'ny fandidiana iray izy. Raha afaka fotsiny izy . . . O Andriamanitra! Manana kibo miroraka izy. Ny anarany dia

Rtoakely. Maxwell. Minoa. Mitsangàna, ekeo ny fahasitrananao, Rtoakely. Ma-. . . Tsy manana karatra fangataham-bavaka iray ianao, sa tsy izany? Tsy manana karatra fangataham-bavaka iray ianao? Eny àry, tsy mila anankiray ianao. Atsangano ny tànanao raha marina izany. Tsy mahafantatra anao aho. Raha marina izany, dia ahofahofaho ny tànanao. Samy vahiny isika, ahofahofaho tahaka an'izao ny tànanao.

Inona no nokasihany? Tsy nikasika ahy mihitsy izy.

188 Atoa. Stewart, ianao ve te-ho sitrana, ihany koa, fikorontanan-tsaina, ary hino fa hanao anao ho salama Andriamanitra? Vahiny aminao aho. Fa izany ianao, ary mijaly amin'ny fikorontanan-tsaina iray ianao. Zara ianao raha afaka mihazona ny tenanao miaraka. Mitsangàna ary ekeo ny fahasitrananao, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

189 Indro misy ramatoa mipetraka eo aorianao eo. Izy dia tratran'ny fikorontanan-tsaina, ihany koa. Misy zavatra tsy mety amin'ny ozatra ao amin'ny vatany. Ho diso an'izany izy ary. . . Rtoa. Newell, mitsangàna, raha izany no anaranao ary izany ianao. Minoa!

Mino ve ianareo?

190 Azo antoka, indro misy ramatoa iray mipetraka eto mihitsy, tratran'ny aretim-po sy tosi-drà ambony izy. Mino an'izany ve ianao, marina, ranabavy? Mitsangàna raha marina izany.

191 Ilay ramatoa mipetraka eo akaikinao eo, manana zavatra izy ao amin'ny tratrany. Raha marina izany, dia mitsangàna.

192 Teneno ilay ramatoa, eo akaikiny, fa tratran'ny fivontosana izy eo amin'ny tarehiny, toa fivontosana kely. Raha tiany ho sitrana izany, dia teneno izy hitsangana ka hanaiky an'izany.

193 Ankehitriny dia misy vondrona iray aminareo ato izay tokony ho eto amin'ity alitara ity, mitady ny Fanahy Masina. Izany no HOY NY TOMPO HOE. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Hanao an'ity antso ity indray mandeha indray aho. Izany no fanamarinana fa miteny aminareo ny fahamarinana aho. Miresaka amin'ny olona ato Andriamanitra, nefa misalasala kely ianareo. Ho mahitsy fo ve ianareo ka hanangana ny tànanareo, hanao hoe, "Eny, Rahalahy Branham, efa nisalasala kely foana aho. Mila an'Andriamanitra bebe kokoa aho. Fantatro fa misy zavatra tsy ampy ato anatiko, ary tokony ho nananako rehefa nilaza aho fa nanana ny batisan'ny Fanahy Masina"? Atsangano ny tànanareo, hanao an'izany ve ianareo? Aoka hahitsy fo amin'ny tenanareo fotsiny. Tsy diso mihitsy ny Fanahy Masina. Nahoana ianareo no tsy manatona, arak'izany, ka mandamina an'izany fisalasalana izany? Avia! "Ho haingana aho. . . "

Mitenena, ry Tompoko, mitenena, ry Tompoko,
(Izay ilay izy.)
Mitenena, dia ho haingana aho hamaly Anao;

194 Hitanareo, tsy miteny na inona na inona diso aminareo aho, ry sakaiza, ny Fanahy Masina no miantso, misy an-jatony ato. Raha mino ahy ho mpaminany iray ianareo, ankehitriny, tsarovy, miteny aminareo aho, amin'ny Anaran'ny Tompo hoe: Voafitaka ianareo! Manatòna!

> . . . ny vain'Afo nikasika an'ilay mpaminany,
> Nanao azy hadio araka izay azo atao,
> Rehefa nilaza ny Feon'Andriamanitra hoe, "Iza no handeha ho anay?"
> Dia namaly izy hoe, "Tompo, inty, iraho aho."

195 Tsy hilaza an'ilay zavatra iray ihany ve ianareo? Noho izany, dia atsangano ny tànanareo.

> Mitenena, ry Tompoko, oh, mitenena, ry Tompoko,
> Mitenena, dia ho haingana aho hamaly Anao;
> Mitenena, ry Tompoko . . .

196 Inona no Ataony? Valio àry Izy, raha miteny Izy. Raha misy fisalasalana kely any ho any, tsy azonareo antoka izany ankehitriny, dia aza manao kisendrasendra.

> . . . "Tompo, iraho aho."

> Oh, mitenena, ry Tompoko . . .

Miteny Izy. Avia.

> . . . ry Tompoko,
> Mitenena, dia ho haingana aho . . .

197 Ankehitriny, ry havana, tsy miròna mankany amin'ny fanatisma aho. Tsy miròna amin'ny filazana zavatra ratsy aho. Mahatsapa ho voatarika aho rehefa milaza an'izay lazaiko.

> . . . ry Tompo,
> Mitenena, fa hamaly aho . . .

198 Hoy ianareo hoe, "Inona no holazain'ny olona mikasika an'izany?" Izay holazain'Andriamanitra mikasika an'izany, no izy.

> " . . . iraho aho."

> Mitenena, ry Tompoko, (Marina izany.)
> Mitenena, dia ho haingana aho hamaly Anao;
> . . . ry Tompoko, oh, mitenena, ry Tompoko,
> Mitenena, dia hamaly aho hoe, "Tompo, iraho aho."

> Misy an-tapitrisany ankehitriny no eo ampahafatesana ao anatin'ny fahotana sy henatra,
> Oh, henoy ny fitarainany mampalahelo sy mangidy;
> Faingàna, rahalahy, faingàna hamonjy azy;
> Oh, mamalia haingana hoe, "Tompo, inty, iraho aho."

> Oh, mitenena, ry . . .

199 Ankehitriny ny olona tsirairay ato, te-ho vonona ho an'ny asam-panasitranana lehibe iray isika rahampitso, ihany koa. Ary tiako ny tsirairay avy aminareo mpitoriteny hanatona an'ireo olona izay mitady ny Fanahy Masina ireo, aza mijanona ao anatin'ny dimy minitra fotsiny, mijanòna eo mandra-paha. Mandra-pahoviana? Mandra-pahatongan'ny Fanahy Masina.

. . . ry Tompoko,
Oh, mitenena, dia izaho . . .

200 Ankehitriny dia aoka ny mpanatrika ankehitriny hametraka ny tànanareo eo amin'ny olon-kafa, mifametraha tànana fotsiny, eo amin'ny olona iray; ianareo izay hivavaka, izay misolo tena an'ireto olona eto ireto.

. . . ry Tompoko,

201 Ankehitriny dia feno hipoka ireo làlantsara, feno hipoka ny alitara, misy olona eo amin'ny dimampolo amby zato, roanjato eo.

. . . ry Tompoko,
Mitenena, dia hamaly aho . . .

202 Ankehitriny dia manomboha mivavaka hoe, "Tompo, iraho aho! Mitenena, ry Tompoko! Tompo, iraho aho!"

203 Sitrano ireo, Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Tompo, ekeo izany. O Andriamanitra, ekeo ny vavak'izy ireo.

204 Aza mamotsotra. Mijanòna tsara eo mandra-pitrangan'izany. Mijanòna mandra-pandrenareo ny antsoantson'Andriamanitra. Mitsangàna mandra-panozongozon'ireo Kerobima anareo, ny Fanahy Masina maka ny vain'Afo avy eo amin'ny alitaran'Andriamanitra, nametraka an'Izany eo amin'ny molotrareo . . .? . . .

Mitenena, ry Tompoko . . .

64-0215 Fitaomana
Elliott Auditorium
Tulare, California U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org